TATITRA MIKASIKA NY ZON'OLOMBELONA TETO MADAGASIKARA TAMIN'NY TAONA 2017

FAMINTINANA ANKAPOBENY

Madagasikara dia repoblika demokratika miorina amin'ny lalàm-panorenana, tarihin'ny Filoham-pirenena nofidiam-bahoaka, fahefana mpanao lalàna mizara roa (Antenimieran-doholona sy Antenimieram-pirenena), Praiminisitra ary minisitra maro. Tamin'ny taona 2013 ny Filoha am-perinasa sy ny Antenimieram-pirenena ankehitriny no voafidy, io no fifidianana nasionaly voalohany taorian'ny fanonganam-panjakana tamin'ny taona 2009 nampiala ny filoha teo aloha Ravalomanana. Ny fifidianana ben'ny tanàna notontosaina nanerana ny firenena ny volana Jolay 2015 no nahafahana nametraka ny Antenimieran-doholona tamin'ny volana Desambra 2015. Nilamina avokoa ny fifidianana rehetra ary tontosa tao anatin'ny fahalahahana sy ara-drariny tamin'ny ankapobeny rah any fijerin'ireo mpanar-maso iraisampirenena, na dia vitsy aza ny tahan'nympifidy tonga nandatsa-bato ary nadia nisy aza ny fandàvan'ny Fitsarana Avon'ny Lalàm-panorenana fitoriana niisa 31 tamin'ny 31 napetraky ny mpanohitra.

Nisy fotoana tsy voafehin'ny mpitondra sivily ny mpitandro ny filaminana.

Anisan'ireo endrika fanitsakitsahana ny zon'olombelona nisongadina indrindra ny fandatsahana aina tsy misy porofo na tsy manaraka ny lalàna sy fanararaotana hafa nataon'ny mpitandro filaminana; fepetra mihatra aman'aina iainan'ireo voafonja; tsy fahampian'ny fahaleovan-tenan'ny fitsarana; fanohintohinana ny fahalalahan'ny fanehoan-kevitra sy ny asa fanaovan-gazety; fihanaky ny kolikoly izay nitarika fisian'ny tsimatimanota; tsy fisian'ny sazy amin'ireo tranga mahakasika herisetra mianjady amin'ny vehivavy sy ankizy, anisan'izany ny fanolanana; ary ny fampanambadiana zaza tsy ampy taona aloha loatra.

Nahalana ny fitondrana no nampihatra sazy na nitory ireo tompon'andraiki-panjakana nanararao-pahefana, na teo anivon'ny mpitandro filaminana na teo nivona sampan-draharaham-panjkana hafa ary mbola olana hatrany ny fisian'ny tsimatimanota.

Fizarana 1. Fanajana ny maha-olombelona, anisan'izany ny fahalalahana manoloana ny:

a. Fandatsahana aina tsy misy porofo na tsy manara-dalàna na noho ny antony politika

Maro ny tatitra nilaza fa ny fitondrana na ireo tompinandraikitra ao dia nahavanona fandatsahana aina tsy misy porofo na tsy manara-dalàna olona nahiana ho olon-dratsy. Ny ankamaroan'ireo fandatsahan'aina ireo dia nitranga nandritra ny hetsiky ny mpitandro filaminana hamongorana ny halatr'omby nataon'ny jiolahy mitam-basy tany amin'ny faritra afovoany, andrefana ary atsimo andrefan'ny nosy, na koa nandritra ny fanenjehana jiolahy nataon'ny polisy an-tanàn-dehibe. Indraindray dia nirotsaka nanampy ny fitondrana hamongotra ny halatr'omby ny mponina ary nanjary tompon'antoka tamin'ny famonoana dahalo; indraindray izy ireo no nifanehatra tamin'ny mpitandro filaminana na nifanehitra teo amin'ny samy mponina.

Tamin'ny volana Janoary dia nanao tatitra tamin'ny mpanao gazety ny Zandarimariam-pirenena fa tao anatin'ny ezaka natao hiadiana amin'ny tsy fandriam-pahalemana, dia niisa 220 ireo noheverina ho olon-dratsy lavon'ny balan'ny zandary nandritra ny taona 2016, izany hoe nanatombo 36 raha ampitahaina amin'ny taon-dasa.

Nitohy hatrany nandritra ny taona ny famonoana olona nahiana ho dahalo. Teo anelanelan'ny volana Janoary sy Septambra, dia tsy latsaky ny 127 ny isan'ireo namoy ny ainy vokatry ny hetsiky ny mpitandro filaminana hiadiana amin'ny tsy fandriam-pahalemana raha ny tatitry ny gazety. Araka ny tatitry ny mpanao gazety ihany dia saika tao anatin'ny fifampitifirana tamin'ny mpitandro filaminana avokoa, izay saika nitranga isam-bolana, no nahafaty an'ireo voalaza fa dahalo; ary matetika dia nanampy ny mpitandro filaminana ny mponina. Avy amin'ny polisy sy zandary ireo mpitandro ny filaminana ireo, saingy indraindray dia nahitana miaramila. Nisy tatitra vitsivitsy nilaza fa nisy mpitandro filaminana namono dahalo na olon-dratsy efa voasambotra. Tsy nisy porofo momba izany moa, sady mahalana no nisy fanadihadiana momba ny tranga toa izany.

Ny volana May tany Ikalamavony, dia vavolombelona maro no nitatitra fa nisy andiana polisy niisa 13 avy amin'ny Force d'Intervention de Police ao Fianarantsoa nitifitra ka nahafaty, avy eo nandoro ny fatin'ny lehilahy iray nahiahiana ho voarohirohy tamin'ny tranga fitifirana nahafaty polisy iray tamin'ny volana Martsa. Nanambara ny mpifehy ilay andian-tafika, Denis Rolland Rafanantenantsoa, fa nanana basy marovava ilay namoy ny ainy io, ary nodoran'ny mponina tao an-tanàna ny fatiny raha mbola nanenjika olona telo hafa nahiana ho olon-dratsy ny polisy. Nandritra ny tranga iray tany amin'ny volana Martsa, dia nikasa hisambotra dahalo niisa sivy ny polisy saingy voatery niverin-dàlana rehefa nosakanan'ny olona nitam-basy tao amin'ny tanàna kely iray. Nilaza ireo tao an-

tanàna fa niverina ireo polisy taty aoriana ary nandoro trano am-polony; ny mpifehy ilay andian-tafika kosa nilaza fa olona hafa tao an-tanàna ihany no nandoro an'ireo trano.

Matetika ny miaramila no nanatevina ny polisy sy zandary rehefa rehe be noho vitsy eo anatrehan'ny dahalo na olon-dratsy iretsy farany. Nitatitra ny mpanao gazety fa ny 8 Septambra, rehefa nifampitàna tamin'ny dahalo ny zandary vitsy an'isa am-polony, dia nampiasaina ny angidim-by Alouette II fampiasan'ny Rezimanta voalohan'ny tafika vonjy taitra nitifirana ka nahafaty dahalo hatramin'ny 20 isa, izay avy nangalatra omby maherin'ny 70.

b. Fanjavonana

Tsy nisy tatitra mikasika fanjavonana natao na nobaikon'ny mpitondra fanjakana.

c. Fampijaliana sy sazy na fepetra hafa maneho habibiana, tsy mendrika ny maha-olombelona na manetry

Voalaza'ny lalàm-panorenana sy ny lalàna fa tsy azo atao ny manohintohina ny vatana sy fahasalaman'ny olombelona; na izany aza anefa, nisy gadra sasany sy olona ahiana ho olon-dratsy izay niharan'ny herisetra mihatra amin'ny vatana sy ny saina nataon'ny mpitandro filaminana, anisan'izany fampijaliana, araka ny tatitry ny fikambanana tsy miankina (ONG) sy ny mpanao gazety.

Nampiasa ny daroka ny mpitandro filaminana hanasaziana heloka tsy voaporofo na ho fitaovana fanerena. Nisy mpitandro filaminana tsy am-perin'asa no sady mamo ka nandratra olon-tsotra. Matetika ny fanadihadiana nambaran'ny mpitandro filaminana no tsy niafara tamin'ny fitoriana teny amin'ny fitsarana.

Ny 31 May dia noelohin'ny fitsarana tao Manakara higadra telo taona avy ny mpiandry fonja niisa telo noho ny nidarohany voafonja tany amin'ny volana Janoary. Rehefa naheno ny fanamelohana ny mpiandry fonja hafa niisa 15 nanatrika teo dia nanohitra an'izay didim-pitsarana izay ka notereny hivoaka ny efitrano fitsarana avokoa ireo voafonja hafa rehetra niandry hotsaraina, nohidiany avy tao anatiny ny fonja ary nilaza izy ireo fa hitokona. Nisy mpiambina fonja anakiroa niverina ka nandrahona am-bava sy nikasi-tanana an'ilay mpampanoa lalàna. Ny ampitson'io dia mbola nikatona hatrany ny fonja, tsy nisy voafonja afaka namonjy fitsarana, ary nila fiambenana manokana ireo mpiasan'ny fitsarana. Nanambara tamin'ny mpanao gazety Atoa Desire Randrianandrasana, Tale Jeneralin'ny Fiahiana ny Fonja fa io fihetsiky ny mpiandry fonja io dia vokatry ny

fahasorenana nateraky ny hamafin'ny asan'izy ireo, tsy fahampian'ny fitaovana ary ny nanamelohana an'ireo mpiara-miasa aminy.

Fiainana any anatin'ny fonja sy toerana fitànana olo-meloka

Henjana sy nihatra aman'aina ny fepetra iainan'ireo voafonja noho ny sakafo tsy zarizary, fahateren'ny fonja, toeram-pidiovana tsizarizary ary tsy fahampian'ny fitsaboana.

Foto-drafitr'asa: Tany amin'ny volana Jolay, dia notombanana ho 20.954 ny isan'ny fonja tamin'ny fonja miisa 82 izany hoe saika avo roa heny nohon'ny 10.360 tokony ho zakany, ka vehivavy ny 903, zazalahy ny 634 ary zazavavy ny 47. Tsy voatery ho nisaraka tamin'ireo olon-dehibe voafonja ireo mbola tsy ampy taona, ary nisy zazakely tsy mbola mianatra no niaraka tamin-dreniny tany am-ponja.

Nandritra ny telovolana faharoa tamin'ny taona ny Grandir Dignement, fikambanana tsy miankina iray mifantoka amin'ny zon'ny tanora voafonja, dia nahita fa niisa 828 ireo voafonja tsy ampy taona nanerana ny firenena tany anatin'ny fonja niisa 41, tranomaizina niisa 39 ary toerana fitaizana tanora nahavita heloka niisa roa. Araka ny fanombanan'ny fikambanana dia 20 isan-jaton'ny tsy ampy taona voafonja no niaraka tamin'ny olon-dehibe voafonja nandritra ny andro, ary 5 isan-jato kosa natory tao amin'ny efitrano niaraka tamin'ny olon-dehibe. Ny zazavavy ihany koa dia niara voafonja tamin'ny vehivevy lehibe voafonja hatrany.

Notanana miaraka ireo miandry ny fitsarana sy ny gadra efa voaheloka.

Olana goavana ny fahateren'ny fonja noho ny fahosan'ny rafi-pitsarana ary ny tsy fahatomombananan'ny foto-drafitrasa any am-ponja. Misy fonja iray izay nahitana voafonja im-balo heny mihoatra ny tokony ho zakany. Olana nanerana ny firenena ny fitarizohan'ny fitanana am-ponja vonjimaika.

Araka ny voalazan'ny Komity Iraisam-pirenen'ny Vokovoko Mena (CICR), dia saika ny antsasaky ny voafonja rehetra manerana ny firenena no nianjadian'ny tsi-fanjarian-tsakafo tsotra na lalina. Saika nahatratra 10.000 ny isan'ny voafonja niharan'ny tsy fanjarian-tsakafo nokarakarain'ny CICR nandritra ny taona 2016, niaraka tamin'ny Aumonerie Catholique des Prisons (ACP), anisan'izany ny voafonja niisa 850 niharan'ny tsy fanjarian-tsakafo lalina. Mangahazo fahefan-kilao mahery kely isan'olona isan'andro no azon'ny voafonja tsirairay, raha tokony ho iray kilao latsaka fahefany izany. Arak any tatitry ny CICR dia dia manodidina

ny 50 ireo voafonja namoy ny ainy tany am-ponja nandritra ny tapany voalohany tamin'ny taona 2015, ary ny 27 amin'ireo dia mety misy ifandraisany amin'ny tsy fanjarian-tsakafo.

Araka ny fikarohana nataon'ny Handicap International tamin'ny taona 2015, dia ny 70 isan-jaton'ny voafonja tany amin'ireo fonja efatra lehibe indrindra nanaovana fanadihadiana--Vatomandry, Toamasina, Mahajanga ary Toliary, no niharan'ny harerahan-tsaina lalina vokatry ny hasarotry ny fiainana any am-ponja. Araka ny voalazan'ilay fanadihadiana, dia ny 81 isan-jaton'ireo voafonja no nilaza fa "ratsy" ny fepetra iainan'izy ireo ireo ao am-ponja, ary ny 95 isan-jato kosa nilaza fa "matetika no mahatsiaro noana." Matetika ny fianakaviana sy fikambanana tsy miankina no niezaka nameno ny sakafo isan'andro ho an'ny voafonja.

Noho ny fiharatsian'ny foto-drafitrasan'ny fonja -- toy ny tsy fahampian'ny fitaovana fidiovana sy ny rano fisotro madio -- dia maro no voan'ny aretina isan-karazany sy voakaikitry ny bibikely. Voafetra ny fahazoana fitsaboana, indrindra ho an'ireo voafonja any Tsiafahy, ilay fonja tsara ambina indrindra eo amin'ny firenena. Tsy tomombana, ary tsy misy mihitsy, ny fampidirana rivotra madio, fanazavana, na fifehezana ny mari-pàna tany amin'ireo fonja.

Nahatratra 90 ny isan'ny fahafatesana tany am-ponja voarakitry ny Ministeran'ny Fitsarana an-tsoratra tamin'ny taona 2015, ka tsy tamin'ireo no vokatry ny zavatra nataon'ny mpiambina na mpiasan'ny fonja.

Ny 8 Jolay, tao amin'ny fonjan'Ambalabe Antsohihy, dia nazeran'ny rivotra nitsoka mafy ny rindrina nanasaraka ny faritry ny lehilahy sy ny vehivavy, ka voafonja efatra no namoy ny ainy teo no ho eo ary efatra hafa namoy ny ainy tany amin'ny hoiptaly. Araka ny tatitry nympanao gazety dia efa 60 taona mahery no nanorenana io fonja io ary tsy mbola nisy fanavaozana natao mihitsy.

Fitantanana: Mahalana ny tompon'andraikitra avy amin'ny Ministeran'ny Fitsarana no manao fisafoana ireo toerana ihazonana ny voafonja. Na dia misy aza rafitra ara-dalana ahafahana manao fitarainana amin'ny manam-pahefam-pitsarana mikasika ny tsy fanajana ny hasina maha-olombelona manoloana, dia voafonja vitsy no nanao izany noho ny tahotra ny valifaty. Nanome Lalana ireo voafonja ny tompon'andraikitra hotsidihan'ireo havany isan-kerinandro sy hanaraka fotoam-pivavahana. Azo natao ihany koa ny mitsidika ivelan'ny fotoana voafaritra rehefa manome tsolotra ny mpiandry fonja sy ny tompon'andraikitra. Nisy fikambanana tsy miankina nitatitra fa mety hahazoana tombontsoa madinidinika ny fanomezana tsolotra, toy ny famelana ny fianakaviana hitondra sakafo ho an'ny gadra.

Fanaraha-maso tsy miankina: Tamin’ny ankapobeny dia omen’ny fanjakana alàlana hanao fanaraha-maso mahaleotena ny fiainana any am-ponja ny Komity Iraisam-pirenen'ny Vokovoko Mena (CICR), ny fikambanana tsy miankina maro, ary ny misiona diplomatika sasany. Neken’ny Fitondrana ny fitsidihan’ny CICR tamin’ireo fonja lehibe indrindra manerana ny nosy nandritra ny taona, sy ny firesahana mitokana tamin’ireo voafonja, araka ny fomba fiasa mifehy azy. Neken’ny Fitondrana ihany koa ny fitsidihan’ny CICR voafonja miandry fotoam-pitsarana sy ireo notanana am-ponja vonjimaika.

Fivoarana tsapa: Araka ny nambaran’ny Grandir Dignement, dia ny 20 amin’ireo fonja miisa 41 manerana ny firenena no nanana toerana manokana ho an’ireo tsy ampy taona sy ny lehilahy lehibe tany amin’ny volana Jona, izany hoe nisy fihatsarana raha ampitahaina amin’ny taona 2014, raha mbola fonja niisa 17 ihany no nanana foto-drafitrasa toa izany.

Tamin’ny volana Aogositra 2016 dia nandany lalàna ny fitondrana mametra ny faharetan’ny fitànana am-ponja vonjimaika an’ireo tsy ampy taona ho telo volana raha be indrindra ho an’ny fahadisoana ary enim-bolana ho an’ny heloka bevava. Araka io lalàna vaovao io, dia zaza tsy ampy taona niisa 46 no nomena fahafahana teo anelanelan’ny volana Martsa sy May.

Tamin’ny volana Janoary ny Ministeran’ny Fitsarana dia nametraka fivarotam-panafody foibe tao amin’ny foibeny mba hamatsiana an’ireo tobim-pahasalamana any anivon’ny fonja. Nandritra ny CICR dia nanolotra fanafody fototra mitentina 50 tapitrisa Ariary ho fanatsarana ny fitsaboana ireo voafonja.

d. Fisamborana na fitanana am-ponja tsy misy porofo

Voararan’ny lalàm-panorenana sy ny lalàna ny fisamborana sy fitanana am-ponja tsy misy porofo ary voalaza fa azon’ny rehetra atao ny miady eny amin’ny fitsarana hanaporofoana ny maha-ara-dalàna ny nisamborana na nanagadrana azy, saingy voatery ho nanaja ireo fepetra ireo hatrany ny manam-pahefana. Nisambotra olona tamina fiampangana manjavozavo ireo mpitandro filaminana, ary nohazoniny ela tsy nisy fitsarana ireo olona nahiahiana ho nahavita heloka.

Anjara asan’ny polisy sy ny mpitandro ny filaminana

Ny polisim-pirenena, teo ambany fahefan’ny Ministeran’ny Filaminam-bahoaka, no niantoka ny fitandroana ny fandriam-pahalemana sy ny lalàna tany an-tanàn-

dehibe. Ny zandarimaria kosa, eo ambanin’ny fitantanan’ny Ministeran’ny Fiarovam-pirenena, no niantoka ny fitandroana ny fandriam-pahalemana sy ny lalàna tany ambanivohitra. Nanomboka tamin’ny taona 2015 dia nanomboka niasa bebe kokoa tany ambanivohitra ny miaramila, indrindra ho fitandroana ny fandriam-pahalemana any amin’ireo faritra anjakan’ny halatr’omby sy ny malaso.

Tsy voafehin’ny fitondrana ny olana mahakasika ny fanjakana tan-dalàna tany amin’ny faritra ivelan'ny renivohitra. Tsy nahavita nisakana sy nandray fepetra manoloana ireo herisetra teny anivon’ny fiaraha-monina ny mpitandro filaminana, indrindra tany ambanivohitra.

Tsy nanana rafitra mahomby ny rafi-panjakana hanaraha-maso, na hanadihadihana ireo herisetra voalaza fa ataon’ny mpitandro ny filaminana, ary mbola olana ny fisian’ny tsimatimanota. Azon’izay niharan’ny tsy rariny atao ny manao fitarainana any amin’ny fitsarana nefa mahalana no mba nisy nanao fitarainana toa izany.

Manan-jò hiaro ny fananany sy ny filaminam-bahoaka ny rafitra nentin-drazana misy isan-tanàna. Nampiharina tany amin’ny tanàna madinika sasany ny fifampifehezana tsy ara-panjakàna najoron’ny mpiara-monina, nantsoina hoe « Dina », mba hitsarana ny ady heloka tsotra eo amin’ny mpiara-monina, mikasika ny halatr’omby ohatra. Indraindray dia sady henjana loatra ny sazy apetraky ny Dina no tsy mandalo fitsarana araka ny tokony ho izy, na tsy hisy manaja ny zon’ireo niharan’ny heloka mihitsy. Voalazan’ny “dina” any amin’ny faritr’i Toliara ohatra, izay nekena tamin’ny taona 2016, fa tsy voatery hisy fitoriana ny fandatsahana ain’olona ahiana ho olon-dratsy raha nandritra ny fanafihana no nitrangan’izany. Misy “dina” hafa koa mamela ny fanamelohana ho faty, na dia efa nofoanana aza izany teo an-toerana.

Fomba fisamborana sy fitondrana ny voatazona am-ponja

Na dia voalazan’ny lalàna aza fa ilaina amin’ny fotoana rehetra ny didy fisamborana, ankoatry ny fisamborana taorian’ny fifanenjehana mivantana (fisamborana mandritra ny na fotoana fohy aorian’ny nitrangan’ny heloka bevava), dia matetika no nisy olona voatazon’ny manam-pahefana vokatry ny fitoriana ary tsy nisy alàlana avy amin’ny fitsarana. Araka ny lalàna dia tsy maintsy ampangaina na afahan’ny manam-pahefana ao anatin’ny 48 ora izay olona voarohirohy amin’ny heloka iray; nefa dia nisy olona notànan’ny fanjakana nandritra ny fotoana nihoatra lavitra noho izany vao nampangainy na nafahany. Manan-jò haka mpisolo vava ny voampanga, ary izay tsy afaka manakarama mpisolo vava dia mahazo mpisolo vava avy amin’ny fanjakana. Maro ny olom-

pirenena tsy nahafantatra an’izany zòny izany, hany ka vitsy ihany ireo nangataka mpisolo vava. Manan-jo hampahafantarina ny heloka iampangana azy ny voampanga, saingy mazàna no tsy nohajain’ny fanjakana izany zo izany. Matetika no nolavin’ny fanjakana ny fangatahana fahafahana vonjimaika ary tsy nisy fanazavana. Matetika ny mpitsara no nampiasa ny "fandefasana am-ponja vonimaika" ny voampanga mandra-pitsara azy. Ny lalàna no mamaritra ny faharetan’ny fitanana am-ponja mandram-piandry nyfotoam-pitsarana sy ny fomba fampiasana ny "fandefasana am-ponja vonimaika". Voafetran’ny lalàna ny faharetan’ny fihazonana am-ponja mialoha ny fitsarana ho valo volana farafahaelany ho an’ny heloka bevava. Azon’ny fianakavian’ny voafonja natao hatrany ny namangy azy ireo; nisy anefa ny voafonja, toy ireo nohazonina tany amin’ny toerana mihataka, na ireo gadra politika, tsy dia afaka nifanerasera loatra.

Fisamborana tsy misy porofo: Nisy ny fisamborana tsy misy porofo nataon’ny mpitandro filaminana tamin’ny mpanao gazety, mpanao fihetsiketsehana, mpanohitra politika, na sivily hafa.

Ny 28 Febroary, dia nisy polisy niisa 40 teo ho eo avy amin’ny FIP (Force d’Intervention de la Police) ao Mahajanga sy Antsohihy voalaza fa nandoro trano maherin’ny 400 tany amin’ny tanàna kely enina any Antsakabary ho valifaty noho ny nahafatesan’ny mpiara-miasa aminy niisa roa, andro vitsivitsy talohan’izay, vokatry ny nataon’ny mponina tany amin’ny tanàna kely izay tezitra noho ny voalaza fa fanerena azy ireo handoa vola tsy ara-dalàna. Vehivavy iray no namoy ny ainy tao anatin’izany hain-trano izany. Olona am-polony no nosamborin’ny Polisy, anisan’izany ny ben’ny tanàna teo an-toerana, izay nampangain’izy ireo ho namono ny namany. Taty aoriana dia nandà ho tsy nandray anjara tamin’ilay fandorana trano ny polisim-pirenena na dia teo aza ireo tatitra maro avy amin’ny mpanao gazety sy ny tatitry ny Vaomieram-pirenena mahaleo tena momba ny zon’olombelona, izay nanao fanadihadiana tany an-toerana taorian’ny nitrangan’ny loza. Olona dimy no voatazona satria voalaza fa voarohirohy tamin’ny nahafatesan’ireo polisy roa lahy. Mbola nitohy ny fanadihadiana momba ny nahamay ireo tanàna kely, saingy tsy nisy ny olona nosamborina. Nilaza ny Minisitry ny Mponina tany amin’ny faran’ny volana Aogositra fa tapitra ny fanadihadiana, ary natolotra ny Tribonalin’Antananarivo ny raharaha. Tsy nisy fivoarana re intsony hatrany amin’ny tapaky ny volana Septambra.

Fitànana am-ponja mialoha ny fotoam-pitsarana: Nanambara ny Ministeran’ny Fitsarana fa tany amin’ny volana Jolay, dia ny 50,8 isan-jaton’ny voafonja rehetra no eo am-piandrasana ny fitsarana azy. Ny 62 isan-jaton’ny vehivavy voafonja, sy ny 79 isan-jaton’ny zaza tsy ampy taona voafonja dia mbola miandry ny fitsarana

azy. Mety haharitra andro vitsivitsy hatramin’ny taona vitsivitsy ny fitànana am-ponja mialoha ny fotoam-pitsarana. Isan’ny nitarika izany olana izany ny tsy fahatomombanan’ny fitehirizana ny antontan-taratasy, ny fahanteran’ny rafi-pitsarana, ny tsy fahampian’ny isan’ny mpitsara ary ny tsy fahampian’ny fitaovana. Matetika no mihoatra ny faharetan’ny sazy ambony indrindra mifandraika amin’ny fandikan-dalàna nisamborana azy ny fotoana itanana ny voafonja mialoha ny fitsarana.

Fahafahan’ny voajonja miady eny amin’ny fitsarana noho ny tsy maha ara-dalàna ny fihazonana azy am-ponja: Ambaran’ny lalàna fa manan-jo ny voampanga hampakatra fitsarana ambony momba ny fitànana azy am-ponja mialoha ny fotoam-pitsarana, saingy tsy misy andàlana manokana miresaka ny zony hahazo fahafahana avy hatrany na ny onitra. Voalazan’ny lalàna fa tsy maintsy avotsotra avy hatrany ny voampanga iray raha eken’ny mpampanoa ny fangatahana fahafahana vonjimaika nataony.

e. Fandavana ny fitsarana tsy mitanila sy ampahibemaso

Voalazan’ny lalàm-panorenana sy ny lalàna fa mahaleo tena ny fitsarana, na izany aza anefa, hita fa voabaikon’ny fahefana mpanatanteraka ny sehatra rehetra eo amin’ny fahefana mpitsara, sady mbola olana goavana ny kolikoly. Nisy fotoana nahatarafana fa efa voafaritra mialoha ny ho vokatry ny fitsarana raharaha iray, ary tsy votary ho nampiharin’ny manam-pahefana hatrany ny didy navoakan’ny fitsarana. Noho ny tsy fahampian’ny fanofanana, hoenti-manana ary mpiasa dia narefo ny fahombiazan’ny fitsarana, ary niavosa ireo raharaha tsy mbola voatsara, araka ny nambaran’ny Freedom House. Nitatitra ny mpitsara sasany fa nomena baiko avy amin’ny mpitondra hamotsotra olona nahavita heloka mamoafady izay matetika, saingy tsyizy rehetra, teratany vahiny avy amin’ny firenena mpamatsy vola.

Voafaritry ny lalàna hitsara ireo miaramila ihany ny fitsarana miaramila, ary nitovy amin’ny fitsarana sivily ihany ny fizotran’ny fitsarana tamin’ny ankapobeny fa saingy manam-boninahitra miaramila no "jury". Afaka mangataka ny hanafoanana ny didy nivoaka ny miaramila voampanga ary tamin’ny ankapobeny dia nitovy tamin’ny sivily ny zon’izy ireo, na dia tsy azon’ny besinimaro atrehina aza ny fotoam-pitsarana. Mpitsara sivily, izay matetika ampian’ny "jury" ahitana manam-boninahitra miaramila, no mitarika ny fitsarana miaramila.

Fizotry ny fitsarana

Voalazan’ny lalàna fa ny voampanga dia manan-jo hahazo fitsarana tsy miangatra ary atrehin’ny besinimaro, saingy azon’ny fitsarana atao ny mandrara ny besinimaro tsy hanatrika fotoam-pitsarana raha ilaina ho fiarovana ny niharan’ny heloka na hitandroana ny filaminam-bahoaka. Tamin’ny ankapobeny dia nampiharin’ny fitsarana mahaleo tena io zò io, saingy matetika no nisy fahatarana. Mateti-pitranga ny fihazonana am-ponja maharitra nefa tsy misy fiampangana, fandavana fahafahana vonjimaika ary fitarizohan’ny fakana am-bavany. Voalazan’ny lalàna fa heverina ho tsy meloka aloha ny voampanga; matetika anefa no natao tsinontsinona izany zo izany. Ny voampanga dia manan-jo hampahafantarina avy hatrany ny antony anenjehana azy araka ny lalàna, ary voalazan’ny lalàna fa manan-jo hahazo mpandika teny tsy andoavam-bola izy raha ilaina izany, manomboka eo amin’ny fotoana iampangana azy hatrany amin’ny fangatahana fanafoanana didy. Ny voampanga dia manan-jo hahazo fitsarana tsy miangatra, ary tsy misy fampiandrasana tafahoatra.

Azon’ny besinimaro atrehina ny fotoam-pitsarana, ary manan-jo hiaro tena tanteraka eo amin’ny dingan’ny fitsarana rehetra ny voampanga. Na izany aza anefa, vitsy ny olona no nahafantatra izany zony izany, ary tsy ny voampanga rehetra no nampahafantarin’ny fanjakana ny fisian’izany zo izany. Fohy dia fohy tamin’ny ankapobeny ny fotoana fiomanana nomena ireo voampanga tsy nangataka na tsy afaka nanakarama mpisolo vava. Manan-jo hanatrika ny fotoana fitsarana azy ny voampanga, hahafantatra ny heloka iampangana azy, hiantso sy hampifanatrika vavolombelona, ary hanolotra porofo. Tamin’ny ankapobeny dia voahaja izany zo izany raha toa nanana mpisolovava ny voampanga. Voalazan’ny lalàna ny zò hahazo mpandika teny ho an’ny polisy mpanao famotorana, ny mpitsara mpanao famotorana ary ny mpisolo vava ny voampanga, saingy tsy voalaza kosa hoe manana zò toa izany ny voampanga, tsy voalaza koa na andoavam-bola izany na tsia. Voalazan’ny lalàna fa zon’ny voampanga ny mandà tsy hampiasa mpandika teny. Raha arak any fanao mahazatra, rehefa tsy maintsy nanakaramana mpandika teny avy any ivelan’ny fitsarana, dia ny voampanga no miantoka ny saran’izany. Ny lalàna mamaritra ny zon’ny voampanga dia tsy milaza manokana ny amin’ny zo tsy ho azo terena hijoro ho vavolombelona na ny zo tsy hiaiky heloka. Voalaza ao anatin’izany kosa ny zo hahazo fanampian’ny olona iray hafa mandritra ny fanadihadiana sy ny fotoam-pitsarana. Manan-jo hampiakatra fitsarana ambony koa ny voampanga nahazo didy fanamelohana.

Araka ny lalàna dia mihatra amin’ny voampanga rehetra ireo zo ireo, ary tsy nisy tatitra nilaza fa nisy vondron’olona tsy afaka nisitraka izany.

Gadra politika

Mbola tany am-ponja ihany Atoa Alain Ramaroson, mpitarika antoko mpanohitra iray, izay voasambotra tamin'ny volana Aogositra 2016 ary voampanga ho nanao hosoka tamin'ny resaka ady tany tamin'ny havany iray. Araka ny voalazan'ny gazety, dia voatery niandry ny fitsarana sy fanantenana hahazo fahafahana vonjimaika satria nohazonin'ny Ministeran'ny Fitsarana ny antontan-taratasy momba azy satria mbola dinihiny. Notaterin'ny mpanao gazety ihany koa fa mila maka alàlana manokana avy amin'ny Ministera izay olona mikasa hitsidika azy. Rehefa nolavina nisesy ny fangatahan'ny mpisolo vava azy hahazoany fahafahana vonjimaika, ary rehefa nahemotra im-betsaka, dia tontosa tamin'ny volana Jolay ny fotoam-pitrsarana voalohany, ka voasazy higadra herintaona sy handoa onitra 900 tapitrisa Ariary izy. Ny 8 Aogositra dia namoaka didim-pitsarana mikasika ny raharaha hafa nitoriana azy indray ny fitsarana ka nanameloka azy higadra 30 volana sy handoa onitra 200 tapitrisa Ariary.

Fitsarana sivily sy fangatahana onitra

Sahanin'ny fitsarana avokoa ireo ady heloka sivily rehetra, anisan'izany ny raharaha mahakasika ny zon'olombelona, ary azon'ny olon-tsotra na ny fikambanana atao ny mitaky onitra sivily ho an'ny fanitsakitsahana ny zon'olombelona. Tsy tena nahaleo tena ny fitsarana, nanjakan'ny kolikoly ary matetika tojo fahasahiranana teo amin'ny fampiharana ny didim-pitsarana tamin'ny adin'olon-tsotra sasantsasany. Tsy voarara ny fametrahana fitoriana amina vondrona mpiaro ny zon'olombelona any amin'ny fritra manodidina ny firenena, saingy tsy nisy tatitra mikasika izany. Tsy eken'ny rafitry ny lalàna misy ny fahefan'ny Fitsarana Afrika ho an'ny Zon'olombelona sy Zon'ny Mponina.

Famerenana fananana

Niisa nanodidina ny 700 ireo fianakaviana rava trano noho ny fanamboarana làlana vaovao handraisana ny fihaonana an-tampon'ny Fikambanana Iraisam-pirenena ho an'ireo Mampiasa ny teny Frantsay tao Antananarivo tamin'ny volana Novambra 2016. Tamin'ny volana Oktobra 2016 dia nanambara ny minisitra misahana ny tetikasan'ny filoham-pirenena, ny fanajariana ny tany, ary ny fampitaovana fa teo ho eo amin'ny 13 lavitrisa Ariary teo no ilaina ho onitra ho an'ireo fianakaviana voatery nandao ny taniny ary nampanantena izy fa any amin'ny tapaky ny volana Novambra dia hiravona ny resaka fandoavam-bola. Nitatitra ny mpanao gazety tany amin'ny fiandohan'ny volana Janoary fa ny 165 tamin'ireo fianakaviana niisa 339 voasoratra anarana handray onitra ihany no naharay izany. Araka ny tatitra dia

misy 161 ireo hahazo onitra ao anatin’ny andiany faharoa, ary fangatahana miisa 13 no mbola miandry fanapahan-kevitra.

f. Fitsabahana amin’ny fiainana manokana, fiainam-pianakaviana, tokantrano, na fifandraisana

Voararan’ny lalàna ny toa izany ary tsy nisy tatitra nilaza fa tsy nanaja izany lalàna izany ny fitondrana.

Tamin’ny volana Aprily ny mpanao gazety dia nitatitra fa nampiasain’ny ben’ny tanàna tao Andriampotsy ny toerana maha-ben’ny tanàna sy mpikambana ao amin’ny antokon’ny fitondrana azy hanaovana antsojay tamin’ny fianakaviana iray tsy nanaiky hanome ampahana lova azy. Nisy olona iray hafa koa teo amin’ny fianakaviana nampangainy ho nandoro tanety nanakaiky ny tanimbariny ka dia nasainy nampanantsoin’ny talem-paritry ny tontolo iainana nankany amin’ny biraony isan’andro, nefa tsy noraisiny. Mbola notorian’io ben’ny tanàna io ihany koa ny ray aman-drenin’ireo niharan’ny antsojay satria namosavy hono, ka dia nigadra mandra-pahazoany fahafahana madiodio tamin’ny fitsarana tao Tsiroanomandidy tamin’ny taona 2016.

Fizarana 2 Fanajana ny fahalalahana sivily, toy ny:

a. Fahalalahan’ny fanehoan-kevitra sy ny asa fanaovan-gazety

Voalazan’ny Lalàm-panorenana fa malalaka ny fanehoan-kevitra sy ny asa fanaovan-gazety, saingy “mety ho voafetra izany ho fanajana ny fahalalahana sy zon’ny hafa, sy ho fametrahana ho laharam-pahamehana ny fitandroana ny fandriam-pahalemana, hasin’ny firenena sy ny fiandrianam-panjakana.” Nisy fotoana nanohintohinan’ny fitondrana an’ireo zò ireo. Hita ao amin’ny fehezan-dalàna vaovao mifehy ny serasera ny andininy maromaro mamehy ny fahalalahan’ny fanehoan-kevitra. Omen’io fehezan-dalàna io fahefana be ihany koa ny fitondrana tsy hanome fahazoan-dàlana hampahalala vaovao ho an’ny mpanohitra ara-politika, hangeja fitaovana, hampandoa onitra.

Nisambotra mpitarika mpanohitra izay namaky bantsilana ny fihetsika tsy mety nataon’ny manam-pahefana ihany koa ny fitondrana. Matetika dia antony tsy misy ifandraisany mihitsy no nampiasain’ny fitondrana hitoriana an’ireny olona ireny.

Fahalalahan’ny fanehoan-kevitra: Voalazan’ny Lalàm-panorenana fa malalaka ny fanehoan-kevitra, saingy feran’ny fehezan-dalàna mifehy ny serasera vaovao izany

fanehoan-kevitra izany raha manitsaka ny fahalalahana na zon'ny hafa, manohintohina ny filaminam-bahoaka, na heverina fa manohintohina ny hasin'ny firenena na ny fiandrianam-pirenena. Raràn'io lalàna vaovao io ny fahafahan'ny olon-tsotra mitsikera am-pahibemaso ny fitondrana.

Ny 24 Jona, dia nomelohin'ny fitsarana tao Toamasina higadra dimy taona (sazy mihantona) Atoa Clovis Razafimalala, mpiaro ny tontolo iainana, ary nasainy nandoa onitra 50 tapitrisa Ariary izy sy ny olona telo voampanga niaraka taminy. Tany am-ponja izy no niandry ny fotoam-pitsarana azy hatramin'ny volana Septambra 2016 noho ny nampirisihany ny olona hanao fihetsiketsehana miaro herisetra sy fandravana fanànana, noho ny nitarihany fihetsiketsehana hanohitra an'Atoa Eric Besoa, nahiana ho mpanondrana andramena, izay mpandraharaha tò teny teo an-toerana. Nanambara Atoa Razafimalala raha nanao valan-dresaka ho an'ny mpanao gazety tao Antananarivo ny 11 Aogositra fa mikasa ny hangataka fanafoanana io didy io any amin'ny Fitsarana fandravana didy. Nantritanteriny nanoloana ny mpanao gazety fa tsy nisy mihitsy porofo momba ny filazana azy ho nanimba antontan-taratasy sy fananam-bahoaka. Nambaran'ireo mpiara-mitolona taminy sy ny Amnesty International fa didy fandrahonana hampanginana an'Atoa Razafimalala io navoakan'ny fitsarana io.

Fahalalahan'ny fanaovan-gazety sy ny mpampahalala vaovao: ahitana andininy maro mametra ny fahalalahan'ny fanaovan-gazety sy ny mpampahalala vaovao ny fehezan-dalàna vaovao mifehy ny serasera. Takian'ny Andininy 85 ohatra fa ny tompon'ny orinsa mpampahalala vaovao no tsy maintsy mitàna ny toeran'ny tonian'ny lahatsoratra. Io Andininy io dia mety hahafahana manao antsojay amin'izay mety ho mpilatsaka ho filoham-pirenena avy amin'ny mpanohitra, izay matetika tompona orinasa mpampahalala vaovao.

Na dia tsy nofaritana ho heloka bevava intsony aza ny fanosoram-potaka ao amin'ilay fehezan-dalàna momba ny serasera, dia misy lalàna hafa momba ny *cyber criminalité* ahafahana mitory amin'ny ady heloka bevava ny fanosoram-potaka ho an'ny zavatra naseho tamin'ny tranonkala. Tsy nazava anefa raha manan-kery ambonin'ilay fehezan-dalàna mifehy ny serasera lany tamin'ny 2015 io lalàna momba ny *cyber criminalité* io, izay ahitana sazy fampidirana am-ponja ho an'ny fanosoram-potaka amin'ny tranonkala, no, satria samy aseho amin'ny tranonkala ihany koa ny gazety rehetra. Ny onitra voalaza ao anatin'ilay fehezan-dalàna vaovao mifehy ny serasera rahateo moa dia avo lavitra noho ny karama fandrain'ny mpanao gazety salasalany ao anatin'ny herintaona.

Araka io fehezan-dalàna vaovao io dia manana fahefana be ny Ministeran'ny Serasera hampihantona ny fahazoan-dàlana ho an'ny mpampahalala vaovao sy hangeja fananan'ny mpampahalala vaovao raha toa ka misy mpanao gazety miasa ao aminy nandika ilay fehezan-dalàna in-droa miantoana. Farany, voalazan'ny fehezan-dalàna vaovao fa ny onjam-peo sy fahitalavitry ny fanjakana ihany no mahazo mandefa fandaharana mahenika ny firenena iray manontolo, na dia tsy nampiharina foana izany famerana izany.

Nisy betsaka ireo gazety tsy miankina teo amin'ny firenena. Maherin'ny 300 ny isan'ireo onjam-peo sy fahitalavitra niasa nanerana ny nosy, saingy tato anatin'ny taona vitsivitsy izay dia maro no lasa nifototra kokoa tamin'ny fandaharana idiran'ny mpihaino mivantana mba tsy ho voafatotra amin'ny vontoatin'ny fandaharana vokariny. Maro amin'izy ireny no mbola afaka nandefa ny fandaharany manerana ny firenena ihany, na dia teo aza ny famerana voalazan'ilay fehezan-dalàna vaovao. Na izany aza anefa dia misy famerana ihany ho an'ny mpampahalala vaovao tsy miankina. Tamin'ny volana May dia nanambara Atoa Joel Ralaivaohita, filoha lefitry ny Fikambanan'ny Mpanao gazety amin'ny alàlan'ny tranonkala, fa ny hevitry ny tompon'ny orinasa mpampahalala vaovao ihany no ampitain'ny mpanao gazety. Nanambarany ihany koa fa tsy misy fahitalavitra na onjam-peo vaovao nahazo alàlana hisokatra raha tsy izay manana fijery manohana ny fitondrana.

Herisetra sy antsojay: Ny 5 May, araka ny didy navoakan'ny fitsarana tao Ihosy, dia niosamborin'ny zandary avy ao Fianarantsoa tao Antananarivo Atoa Fernand Cello, mpanao gazety. Antony nisamborana an'Atoa Cello ny halatra taratasim-bola, fanaovana hosoka sy fanovàna antontan-taratasy vokatry ny fitorian'ny orinasa mpamokatra herinaratra any Ilakaka, izay fananan'ny olona iray malaza fa akaiky ny manam-pahefana teo an-toerana. Andro vitsyvitsty talohan'io, dia nandray anjara tamin'ny valan-dresaka ho an'ny mpanao gazety tao Antananarivo Atoa Cello ka namaky bantsilana ny fitrandrahana safira tsy manara-dalàna mitranga any Ilakaka sy ny filazany fa voaroiroy ny manam-pahefana eo an-toerana. Ny 8 May dia nasain'ny fitsarana ao Ihosy nampidirina am-ponja vonjimaika Atoa Cello ary nolaviny ny fangatahana fahafahana vonjimaika napetraky ny mpisolo vava azy noho ny fiharatsin'ny fahasalamany. Ny 27 Septambra dia nomelohina higadra roa taona sazy mihantona izy, ary handoa onitra 720.000 Ariary. Mbola nihantona kosa ny fitsarana azy noho ny fanalam-baraka.

Sivana na Faneriterena mikasika ny vontoatin'ny vaovao ampitaina: nanao sivana ny tenany ny mpanao gazety, ary tamin'ny ankapobeny dia tany ivelany no natonta ny boky miresaka momba ny politika.

Nisy mpampahalala vao ao amin'ny tranonkala nitatitra fa ny 27 Febroary, raha niverina avy any amin'ny seranam-piaramanidina ao Mahajanga ny fiara nampiasain'ny mpiambina ny Filoha Rajaonarimampianina dia nifandona tamin'ny fiarabe mpitatitra olona, ka olona dimy no naratra. Nisy mpiambina hafa voalaza fa nanery ny mpanao gazety teo an-toerana hamafa ny sary sy horonan-tsary rehetra nalainy, saingy nanapa-kevitra ihany ireo mpanao gazety hitantara ny zava-niseho. Nisy fahitalavitra tsy miankina iray nampiasa horonan-tsary nalain'olon-tsotra hanohanany ny fitantarany ny zava-nitranga.

Lalàna momba ny fanalam-baraka/Fanosoram-potaka: Nisy tatitra maro nilaza fa nampiasain'ny fanjakana ny lalàna momba ny fanalam-baraka na fanosoram-potaka hamerana ny fifanakalozan-kevitra am-pahibemaso.

Ny 22 Jona dia nampanantsoin'ny polisy tao Antananarivo hohainoana ny *Directeur de Publication* sy *Editeur en Chef* tao amin'ny gazety tsy miankina *Freenews* rehefa nampangain'ny Filohan'ny Antenimieran-doholona Honore Rakotomanana ho nanoso-potaka azy. Andro vitsy talohan'ny fampiantsoan'ny polisy, dia nisy lahatsoratra navoakan'io gazety io niampanga ny Filohan'ny Antenimieran-doholona ho nanangana trano fonenana lafo vidy ivelan'ny renivohitra. Nanambara Rtoa Lalatiana Rakotondrazafy, tompon'ny gazety sady nilatsaka ho Ben'ny Tanànan'Antananarivo saingy tsy lany, fa nisy lesoka ny fanarahana ny voalazan'ny lalàna momba ny fanaovana ny fanadihadiana, ka nolazainy fa ny fandikan-dalàna momba ny asa fanaovan-gazety, izay tsy heloka bevava araka ny voalazan'ny fehezan-dalàna momba ny serasera, dia tsy tokony horaisin'ny polisy misahana helokabevava. Anisan'ny nampalaza an-dRtoa Rakotondrazafy moa ny fitsikerany ny antoko eo amin'ny fitondrana.

Fahalalahan'ny fampiasana ny tranonkala

Tsy noferan'ny Fitondrana ny fijerena ny tranonkala tamin'ny ankapobeny, ary tsy nisy tatitra azo hahafahana nilaza fa narahin'ny Fitondrana maso ny fampiasana ny mailaka na ny sehatra fifanakalozan'ny mpampiasa ny Tranonkala, na dia tsy misy lalàna manome fahefana azy hanao izany aza.

Araka ny lalàna nivoaka tamin'ny taona 2014 momba ny heloka bevava ao amin'ny tranonkala dia voarara ny manasoketa na manoso-potaka manam-pahefana ao amin'ny tranonkala. Araka voalazan'ny *Reporters Sans Frontières*, "tsy voafaritra mazava ao amin'ilay lalàna ny tiana hambara amin'ny hoe 'manasoketa' na 'manoso-potaka', hany ka malalaka be ny fomba azo andikana

azy ary marobe ny fanararaotana mety hitranga.” Voalazan’ilay lalàna fa sazy roa hatramin’ny dimy taona an-tranomaizina sy onitra roa tapitrisa hatramin’ny 100 tapitrisa Ariary no miandry ho an’ny fanosoram-potaka. Taorian’ny fanakianana avy amin’ny mpampahalala vaovao sy ny fianakaviam-be iraisam-pirenena, dia nampanantena ny fitondrana fa hiverina hijery akaiky ilay lalàna, saingy tsy nasiany fanovana akory ilay izy tao anatin’ilay fehezan-dalàna vaovao momba ny serasera.

Tany an-tanàn-dehibe no tena nampiasana ny tranonkala. Araka ny voalazan’ny Vondrona Iraisam-pirenena momba ny Fifandraisan-davitra, dia ny 4.7 isan-jaton’ny mponina eo amin’ny firenena no nampiasa tranonkala tamin’ny taona 2015.

Nampiasa be ny tranonkala ny vondrona politika sy ny mpitolona isan-karazany mba hanitarana ny ambain-dain’ny fandaharany, hizarana vaovao, ary hitsikerana antoko hafa. Nambaran’ny mpanara-maso fa anisan’ireo loharanom-baovao azo antoka kokoa ny tranonkala amin’ny ankapobeny.

Ny 7 Martsa dia nomelohin’ny fitsarana ao Antananarivo higadra herintaona Atoa Hiary Rapanoelina, mpanakanto sady mpitantana ny pejy iray “mpifosa” tao amin’ny. Noho ny fisian’ny fandrahonana nataon’olona tsy mitonona anarana tao amin’ilay pejy, dia nisy solom-bavam-bahoaka sy mpanakanto maro hafa nitory an’Atoa Rapanoelina noho ny fanosoram-potaka sy fandrahonana haka an-keriny ny zanak’ilay solom-bavam-bahoaka. Ilay lalàna momba ny heloka ao amin’ny tranonkala no nitsarana ilay raharaha, ary nigadra enim-bolana Atoa Rapanoelina na dia nisintona ny fitoriany aza ireo mpitory. Ny 8 Septambra dia navadiky ny fitsarana mpanafoana didy ho sazy mihantona ny sisa tamin’ny saziny herintaona ary dia tafavoaka ny fonja Atoa Rapanoelina.

Fahalalahana akademika sy hetsika ara-kolotsaina

Tsy nahitana sakantsakana avy amin’ny Fitondrana ny fahalalahana akademika sy ny hetsika ara-kolotsaina.

b. Fahalalahana hivory am-pilaminana sy hanangana fikambanana

Fahalalahana hivory

Voalazan’ny Lalàm-panorenana sy ny lalàna fa malalaka ny fivoriana am-pilaminana, saingy matetika nosakanan’ny manam-pahefana izany zo izany.

Mitaky fanomezan-dalana ofisialy avy amin’ny kaominina sy ny prefektioran’ny polisy hatrany ny fitondrana ho an’izay manao fihetsiketsehana an-kalamanjana, saingy mahalana no nomeny alàlana toy izany ireo antoko mpanohitra. Nosakanan’ny mpitandro filaminana hatrany ny fivoriana nokarakarain’ny mpanohitra nanerana ny nosy, tamin’ny fampiasana hery tafahoatra handravana ireo mpanao fihetsiketsehana.

Nisy maromaro ireo hetsika ntaona mpianatry ny oniversite, mpomba ny mpanohitra sy vondrona hafa naparitaky ny mpitandro filaminana tamin’ny alalan’ny fanipazana baomba mandatsa-dranomaso. Ho setrin’izany dia matetika ny mpianatra no nitora-bato ny mpitandro filaminana, ka nisy hatrany ny naratra sy voasambotra.

Nolavin’ny fitondrana foibe ny fangatahan’ny antoko *Tiako i Madagasikara* (TIM), naorin’Atoa Marc Ravalomanana, Filoha teo aloha sady hilatsaka hofidiana, hankalaza ny tsingerin-taona faha-15 taonan’ny antoko tao Antananarivo tamin’ny volana Jolay ary tany Toamasina tamin’ny volana Aogositra. Ny 3 Jolay dia nanambara ny prefet tao Antananarivo fa nofoanana ilay alàlana efa nomena io antoko io hanao ny fankalazana, efatra andro talohan’ilay daty voafaritra hanaovana ny hetsika. Na dia teo aza fanapahan-kevitry ny Fitsarana ady amin’ny fanjakana tao Antananarivo hanafoana an’ilay fandavana, dia niroso nankany amin’ny Araben’ny Fahaleovan-tena tao Antananarivo ireo mpitarika ny antoko sy ny mpanohana azy, ary dia naparitakyny mpitandro filaminana tamin’ny etona mandatsa-dranomaso ny vahoaka. Tsy nisy ny naratra na voasambotra araka ny tatitra. Ny 28 Jolay dia nolavin’ny prefet ao Antananarivo indray ny fangatahana hanao fankalazana ny ampitso, ary dia nankatoavin’ireo mpitarika ny antoko izany fanapahan-kevitra izany. Ny 9 Aogositra dia nolavin’ny prefet ao Toamasina ny fangatahan’ny antoko hankalaza ny tsingerin-taona faha-15 ny 12 Aogositra tao amin’io tanàna io. Nanambara ny prefet ambonin’izay fa ho fiarovana ny filaminam-bahoaka dia voarara avokoa aloha ny fihaonana ara-politika, fidinana an-dàlam-be. Iray andro talohan’ilay hetsika saika hatao tany Toamasina, dia nohodidinin’ny mpitandro filaminana ilay toerana saika hanaovana ny hetsika.

Fahalalahana hanangana fikambanana

Voalazan’ny Lalàm-panorenana fa manan-jò hivory sy hanangana fikambanana ny olom-pirenena. Nolavina hatrany ny fangatahan’ny antoko mpanohitra fahazoan-dalana hanao fihetsiketsehana an-kalamanjana.

c. Fahalalahan’ny fivavahana

Jereo ny Tatitra Iraisam-pirenena momba ny Fahalalahan’ny fivavahana, navoakan’ny Departemantam-panjakana ary azo vakiana ao amin’ny www.state.gov/religiousfreedomreport/.

d. Fahalalahan’ny fivezivezena

Voalaza ao anatin’ny Lalàm-panorenana sy ny lalàna ny fahalalahana hivezivezy manerana ny nosy, ny dia mankany ivelany, ny fifindra-monina ary ny fampodiana an-tanindrazana, ary tamin’ny ankapobeny dia nohajain’ny Fitondrana izany zo izany. Niara-niasa tamin’ny Biraon’ny Kaomisera Avon’ny Firenena Mikambana ho an’ny Mpitsoa-ponenana (UNHCR) sy ireo birao hafa miahy ny mponina ny fitondrana amin’ny fiarovana sy fanampiana ireo mpifindra monina, ireo mpitsoa-ponenana, ireo nody avy nitsoa-ponenana, ireo maniry hialokaloka, ireo tsy manana zom-pirenena ary ireo olona hafa miatrika olana mitovitovy.

Ireo mpifindra monina ao anatin’ny firenena

Mponina maherin’ny 70.000 no voatery nifindra monina tamin’ny volana Martsa noho ny rivo-doza Enawo ary nonina vonjimaika tanaty fialofana niraisana tany amin’ny faritra maro manerana ny nosy. Tamin’ny alàlan’ny Birao Nasionaly misahana ny loza mitatao sy ny loza voajanahary (BNGRC) no nandrindran’ny fitondrana ny asa niaraka tamin’ny sehatra tsy miankina sy ireo mpamatsy vola iraisam-pirenena hitondrana fanampiana ho an’ny mponina sy hanampiana ny ankamaroan’izy ireo hamonjy fodiana taty aoriana.

Mponina maherin’ny 18.000 kosa no nifindra monina avy tany amin’ny tendrony atsimon’ny nosy anelanelan’ny taona 2009 sy ny volana Jolay, araka ny fanadihadiana nataon’ny Fikambanana Iraisam-pirenena ho an’ny Mpifindra monina tany amin’ny kaominina miisa 10. Mba hitsoahana ny hain-tany, dia ny 51 isan-jaton’izy ireo no nandao ny fonenany. Rehefa nihatsara ny toetr’andro dia nisy tamin’ireo olona ireo no niverina namonjy ny fonenany; ny hafa kosa nanapa-kevitra hanorim-ponenana tany amin’ny toeran-kafa. Niara-niasa tamin’ny mpiara-miombon’antoka tsy miankina sy mpamatsy vola iraisam-pirenena ihany koa ny BNGRC mba hanampiana ireo olona voaterynifindra minona ireo.

Fiarovana ny mpitsoa-ponenana

Fandavana tsy hiditra ny fadin-tseranana**:** Ny 1 Martsa, dia teratany Turc niisa 13 izay mpampianatra tao amin'ny sekoly tohanan'ny Turc no nomelohin'ny fitsarana ao Antananarivo ho nanao hosoka hahazoana alàlana hiditra sy hitoetra teto amin'ny nosy, ary niasa tao anatin'ny fandikan-dalàna. Nangataka fanampiana tamin'ny UNHCR sy masoivoho maromaro izy ireo, ka nilaza fa lainga izany fiampangana izany hanakonana ny filazana fa misy ifandraisany amin'ny Fethullah Gulen ilay sekoly niasan'izy ireo, sy taorian'ny fandalovan'ny Filoha Turc Erdogan teto amin'ny firenena tamin'ny volana Janoary. Andro maromaro taorian'izay dia nomena 48 ora izy ireo handaozana ny nosy. Nandritra ny fihazonana azy ireo dia voalaza fa nangataka zò hialokaloka ara-politika teto amin'ny firenena izy ireo. Nisy gazety nitatitra taty aoriana fa nody tany Turquie ihany izy ireo, teo ambany fiarovan'ny Vaomiera ambonin'ny Firenena Mikambana misahana ny zon'olombelona, saingytsy voalaza na neken'i Madagasikara na tsia ny fangatahany zò hialokaloka.

Fahafahana mangataka hialokaloka: Ao amin'ny lalàna dia tsy ahitana andalana mikasika ny zon'ny mpitsoa-ponenana na ny famaritana ny tsy manan-kialofana, saingy miantoka ny fiarovana izay mpialokaloka ny fitondrana. Niara-niasa tamin'ny UNHCR sy ireo fikambanana hafa miahy ny maha-olona ny fanjakana ho fanampiana ireo tsy manan-kialofana vitsy tao amin'ny firenena.

Ireo tsy manana firenena

Ny 25 Janoary dia nosoniavin'ny Filoha ny fehezan-dalàna momba ny fizakana ny zom-pirenena ho fanitsiana ny lalàna momba ny zom-pirenena tamin'ny taona 1960, ka manjary mitovy ny zon'ny lehilahy sy ny vehivavy hamindra ny fizakany ny zom-pirenena ho an'ny zanany ary manome fiarovana bebe kokoa ho an'ny vehivavy sy ankizy tsy ho very zom-pirenena. Ny tena fiovana nentina dia ny fanomezana zò ny Vehivavy Malagasy hamindra ny zom-pireneny ho an'ny zanany na manambady izy na tsia.

Voalazan'ilay fehezan-dalàna vaovao fa manan-jò hizaka ny zom-pirenena Malagasy ny zaza tsy ampy taona raha toa ny rainy na ny reniny, na mpivady ara-dalàna izy ireo na tsia, mizaka ny zom-pirenena Malagasy. Voalazan'ilay fehezan-dalàna taloha fa ny fahazoan'ny ray ny zom-pirenena, na ny fahazoan'ny reny izany raha maty vady izy, no nahazoana namindra izany zò izany. Tsy mahakasika ny vady na zanak'izay very zo kosa ny fahaverezan'ny fizakana ny zom-pirenena Malagasy noho ireo antony voatanisa ao amin'ny lalàna ankehitriny. Voalazan'ilay fehezan-dalàna taloha fa tsy mahazo izany zò izany ny vady sy ny zanaka raha toa ka teratany vahiny.

Noho ireo andininy ao amin'ilay fehezan-dalàna taloha momba ny zom-pirenena dia maro an'isa ireo olona tsy manana firenena teo anivon'ny silamo, izay vitsy an'isa, ary maro amin'izy ireo no avy amin'ny fianakaviana efa nonina teto nandritra ny taranaka maro nifandimby. Nanambara ny mpitarika silamo fa mety hahatratra 5 isan-jaton'ireo silamo miisa roa tapitrisa no voakasik'izany.

Mifindra amin'ny fahaterahana ny fahazoana ny zom-pirenena. Tsy ahazoana avy hatrany zom-pirenena ny fahaterahana eo an-toerana. Misy mpikambana ao amin'ny fiaraha-monin'ny karana avy any Inde sy Pakistan, izay tsy nisoratra anarana hangataka hizaka ny zom-pirenena Malagasy, indiana na frantsay taorian'ny nahazoan'i Inde fahaleovan-tena tamin'ny taona 1947 na ny fahaleovan-tenan'i Madagasikara tamin'ny taona 1960, ka dia tsy nahazo nizaka na iray aza tamin'ireo zom-pirenena telo ireo intsony; ary dia nihatra tamin'ny taranany ihany koa izany. Nanambara ireo mpikambana ao amin'ny fivondronan'ny fiaraha-monina silamo fa raha vao miendrika silamo fotsiny ny anaranao dia hihantona mandritra ny fe-potoana tsy voafetra ny taratasy fangatahanao hizaka ny zom-pirenena Malagasy. Izay tsy manana ny zom-pirenena Malagasy dia afaka mangataka karatra ho an'ny vahiny mitoetra maharitra, saingy tsy manan-jo hifidy izy ireo, tsy mahazo mividy tany na trano ary tsy afaka mangataka pasipaoro, hany ka voafetra ny fahafahany mandeha any ivelany. Izay vehivavy tsy manana zom-pirenena dia afaka mangataka ny hizaka ny zom-pirenena Malagasy raha toa ka manambady lehilahy teratany Malagasy izy ary manao ny fangatahana ny zom-pirenena alohan'ny datin'ny mariazy. Ny olona tsy manana firenena dia sahirana rehefa hanovo fianarana sy mila fitsaboana, tsy mety mahazo asa ary tsy afaka mividy tany, ary manahy lava ny ho voasambotra.

Fizarana 3. Fahalalahana handray anjara amin'ny rafitra ara-politika

Ambaran'ny Laläm-panorenana sy ny lalàna fa ny olom-pirenena dia manan-jò hanova ny Fitondrana ao anatin'ny fifidianana malalaka sy ara-drariny tontosaina ara-potoana, amin'ny latsa-bato miafina andraisan'ny mpifidy rehetra anjara anatin'ny fitovian-jo tanteraka.

Fifidianana sy fandraisana anjara eo amin'ny sehatra politika

Fifidianana tato ho ato: Nanatontosa fifidianana filoham-pirenena sy fifidianana solombavambahoaka ny firenena tamin'ny taona 2013. Na dia teo aza ireo lesoka izay nitarika ny Fitsarana Manokan'ny Fifidianana (CES) hanafoana ny vokatra tany amin'ny distrika niisa efatra, dia nambaran'ireo mpanara-maso iraisam-

pirenena --anisan'izany ny Vondrona Eoropeana, ny Vondrona Afrikana, ny Vondron'ny Firenena mampiasa ny Teny Frantsay ary ny Carter Center -- fa tamin'ny ankapobeny dia nalalaka sy ara-drariny io fifidianana tontosa tao anatin'ny filaminana io. Ny volana Janoary 2014 no nambaran'ny CES tamin'ny fomba ofisialy ny voka-pifidianana, ka Atoa Hery Rajaonarimampianina no nambara fa voafidy ho Filoha, tamin'ny salan'isa 53 isan-jato, raha 47 isan-jato kosa no azon'Atoa Jean-Louis Robinson. Voatendry tao anatin'ny herinandro vitsivitsy taorian'izany ny Praiminisitra sy ny governemanta, ary tafajoro hiasa mandritra ny dimy taona ny Antenimieram-pirenena nahitana ireo solom-bavam-bahoaka vao voafidy. Ny fotoa-pivoriana voalohany notontosain'ny Antenimieram-pirenena tamin'ny taona 2014 no namarana tamin'ny fomba ofisialy ny teteza-mita naharitra dimy taona.

Tamin'ny taona 2015 ny firenena no nanatontosa ny fifidianana ben'ny tanàna. Nanamarika izany ny havitsian'ny tonga nandatsa-bato (25 isan-jato) sy ny ireo lesoka nitranga, anisan'izany ny tsy fahitana mpifidy tokony ho hita ao anaty lisi-pifidianana, tsy fisian'ny fahaleovan-tenan'ny vaomiera mahaleotena misahana ny fifidianana (CENI-T), fanafoanana ny fifidianana tany amin'ny kaominina niisa 19, sy ny olana maro hafa. Ireo Ben'ny tanàna sy mpanolo-tsaina niisa 12.664 voafidy no nifidy ireo Loholona taty aoriana. Ny antoko HVM eo amin'ny fitondrana no nahazo toerana 36 tamin'ireo 42 niadiana rehefa nolavin'ny Fitsarana Avon'ny Lalàm-panorenana ny fitarainana niisa 11 avy amin'ny antoko mpanohitra. Nitaraina ny mpanohitra fa nisy fitsabahan'ny mpitondra teo amin'ny fifidianana ny Loholona, ary tsy nitovy ny fahafaha-manao ara-bola teo amin'ireo samy nilatsaka hofidiana. Ny Filoham-pirenena no nanendry ireo Loholona 21 ambiny.

Antoko politika sy fandraisana anjara eo amin'ny sehatra politika: Nosakanan'ny fitondrana ny hetsiky ny antoko mpanohitra ary tsy nomeny alàlana hanao hetsika tsy voaomana izy ireo. Mila alàlana avy amin'ny fanjakana avokoa ny fihetsiketsehana rehetra, ary nisy tatitra nilaza fa nolavin'ny fanjakana na nampiandrasiny ny fanomezana alàlana ny antoko mpanohitra, indrindra nandritra ny andro tsy fiasana na daty hafa manana ny heviny manokana.

Nandritra ny taona dia Ben'ny tanàna maro avy amin'ny antoko mpanohitra na vondrona tsy miankina no niharan'ny antsojay na fitoriana teny anivon'ny fitsarana noho ny antony samihafa izay nolazain'ny mpampahalala vaovao fa noforonina hanaovana antsojay amin'izay olom-boafidy tsy nanohana ny antoko teo amin'ny fitondrana. Ny Ben'ny tanànan'Antsirabe, Mahajanga ary Port Berge ohatra dia niharan'ny fampiatoana nataon'ny mpanolo-tsaina teo ambany fiahiany ihany noho

ny ahiahy ho nanodikodim-bola na tsy fahaizana mitantana teti-bola. Na izany aza anefa dia mbola tafajanona teo amin'ny toerany izy ireo rehefa naaton'ny fitsarana ho an'ny ady amin'ny fanjakana tany an-toerana ny fanapahan-kevitr'iero mpanolo-tsaina. Ny ben'ny tanànan'Antsirabe dia avy amin'ny antoko tsy miankina, fa ny Ben'ny tanànan'i Mahajanga sy Port Berge kosa dia avy amin'ny antoko MAPAR (Miaraka amin'i Prezida Andry Rajoelina, nanorina ny antoko MAPAR). Im-betsaka koa ny ben'ny tanàna MAPAR ao Toamasina, Elysee Ratsiraka, no notoriana teny amin'ny fitsarana hoe nanodikodim-bola sy nivarotra tanim-panjakana tamin'ny fomba tsy ara-dalàna. Ny ben'ny tanàna tao Ambahoaka kosa, izay mpikambana amin'ny antoko TIM, dia noterena nosoloina noho ny antony tsy fantatra, ka ny kandidan'ny antoko HVM, izay tsy voafidy, no nasolo toerana azy.

Fandraisana anjaran'ny vehivavy sy ireo vitsy an'isa: Tsy misy lalàna misakana ny vehivavy na ireo vitsy an'isa tsy handray anjara eo amin'ny fiainana ara-politika, ary dia nanao izany izy ireo.
Tamin'ireo parlemantera niisa 209 (antenimiera roa), dia 38 no vehivavy ary ny fito amin'ireo minisitra 31 ao amin'ny governemanta no vehivavy. Mihevitra nefa ny mpandinika sasany fa misy lafiny fepetra apetraky ny kolotsaina sy ny fomba nentim-paharazana misakana ny vehivavy tsy handray anjara toy ny ataon'ny lehilahy amin'ny fiainana ara-politika.

Fizarana 4. Kolikoly sy sy tsy fisian'ny mangarahara eo anivon'ny Fitondrana

Voafaritry ny lalàna ny sazy ho an'ny kolikoly eo anivon'ny asam-panjakana; saingy tsy nampiharin'ny Fitondrana an-tsakany sy an-davany izany lalàna izany ka nisy manam-pahefana tafiditra anatin'ny kolikoly saingy tsy nisy arakaraka. Nanenika ny ambaratonga rehetra teo amin'ny fitondrana ny kolikoly.

Kolikoly: Maro tamin'ireo raharaha mahakasika kolikoly nanaovan'ny BIANCO fanadihadiana no tonga teny amin'ny fitsarana ary/na nitarika fanagadrana mpitondra ambony noho ny fanodikodinam-bola. Anisan'izany ny Talen'ny Kabinetran'ny Ministeran'ny Serasera teo aloha, Nivo Ratiarison, sy ny mpanolo-tsaina tsy ofisialy ny Filoham-pirenena, Rtoa Claudine Razaimamonjy. Tamin'ireo tranga roa ireo, dia toa nisy mpitondra ambony niezaka mafy hanampiana an'ireo olona nomelohina ireo hitsoaka tsy hanefa ny saziny nefa be loatra ny tsindry avy amin'ny mpanao gazety sy ny diplomaty nilazana fa tena meloka izy ireo.

Ny 13 Febroary dia nanambara ny BIANCO fa misy tetikasa vaovao hamongorana ny kolikoly tany amin'ny seha-panjakana maro, anisan'izany ny birao mpanome

pasipaoro, karatra biometrika fahazoana mitondra fiara sy taratasin'ny fiara, fitsarana fiara, fandoavana hetra ary biraon'ny ladoany hafa. Hita nandritra ny fanadihadiana natao taorian'ny fanambarana momba ilay tetikasa fa ny 61 isan-jaton'ny mpanjifa ao amin'ny birao mpanome fahazoan-dalana hitondra fiara sy fanavaozana taratasin'ny fiara (CIM) ao Antananarivo no nilaza ho nandoa vola mihoatra ny tokony ho izy rehefa nanavao ny fahazoan-dalana na taratasin'ny fiara ho biometrika. Ny 23 Martsa dia nanambara tamin'ny mpanao gazety ny talen'ny CIM fa nisy mpanera 11 nosamborina noho ny kolikoly.

Tsy nisy vaovao intsony mikasika ny ezaka hitoriana an'Atoa Johnfrince Bekasy, ilay heverina fa rain-dahiny amin'ny fanondranana andramena, ezaka izay natomboky ny BIANCO tamin'ny taona 2015. Afaka niriaria Atoa Bekasy, izay nilatsaka hofidiana ho ben'ny tanàna tao amin'ny antokon'ny Filoha, rehefa nafahana tsy nisy fanazavana tamin'ny volana Oktobra 2015. Ny 1 May dia voafidy ho Filohan'ny fikambanan'ny teraky ny faritra niaviany Atoa Bekasy ary nanambara am-pahibemaso fa tsy nanao kolikoly izany. Samy nanatrika io hetsika io na ny Praiminisitra na ny Filohan'ny Antenimieram-pirenena.

Resy lahatra ny fitondrana hiara-miasa amin'ny Fitsarana Tampony any Singapour tamin'ny fitsarana ilay teratany Sinoa mpanafatra entana, izay voaroiroy tamin'ny fandikan-dalàna nanondranana bolabolan'andramena niisa 30.000 tamin'ny taona 2014, izay nitarika fanamelohana an'ilay nampangaina ka nanasaziana azy higadra telo volana sy handoa onitra 500.000 Dollar Singapour ($370.000) noho ny fanondranana entana an-tsokosoko.

Notaterin'ny mpanao gazety tamin'ny volana May fa misy ny fitoriana napetraky ny fitondrana tany amin'ny fitsarana ao Antananarivo ho an'ireo mpiray tsikombakomba teto an-toerana, ka nilazany fa misy taratasy avy amin'ny Ministeran'ny Tontolo iainana navily làlana ka nampiasaina ho isan'ireo antontan-taratasy nahodina hanomezana alàlana ny fanondranana an'ireo andramena nankany Singapour.

Fanambaram-pananana: Misy ny didy hitsivolana mitaky ny fanambarana ny vola miditra tsy tapaka/fananana ho an'ireo tompon'andraikitra mitana ireto toerana manaraka ireto: Praiminisitra sy Minisitra ao amin'ny governemanta, parlemantera; mpikambana ao amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàm-panorenana; lehiben'ny faritra sy ben'ny tanàna; mpitsara; mpiasam-panjakana mitana ireto toerana ireto na ny mifanandrify aminy: tale any amin'ny ministera sy ny eo amboniny; mpanara-maso any amin'ny biraon'ny fananan-tany, kitapom-bolam-panjakana, haba sy teti-bola; manam-boninahitra ao amin'ny tafika, mpifehy andiany noho

miakatra; mpanara-maso avy amin'ny Inspection Générale de l'Etat, avy amin'ny Inspection Générale de l'Armée ary avy amin'ny Inspection Générale de la Gendarmerie; ary izay rehetra mitana ny toeran'ny manam-boninahitra ao amin'ny polisy ara-pitsarana. Na dia mety hampahafantarin'ny BIANCO ny Biraon'ny Mpampanoa lalàna aza izay mety ho tsy fanarahana izay lalàna izay, ary nambarany am-pahibemaso tamin'ny volana May ny fikasany hanasazy ireo manam-pahefana tsy nanao izany, dia tsy nisy singa nahafahana nilaza fa tena nisy fepetra noraisina.

Tany amin'ny volana Novambra, araka ny voalazan'ny tranon-kalan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana, dia ny 199 amin'ireo parlemantera 209 no nanao fanambaram-pananana araka ny takian'ny lalàna, torak'izany koa ireo mpikambana ao amain'ny governemanta, ankoatry ny minisitra niisa telo. Tany amin'ny volana Desambra, dia ny 13 amin'ireo filohan'ny faritra miisa 22 manerana ny firenena no tsy mbola nanao fanambaram-pananana.

Fizarana 5. Fihetsiky ny fitondrana manoloana ny fanadihadiana nataon'ny fikambanana tsy miankina sy fikambanana iraisam-pirenena momba ny fiampangana ho nanitsakitsaka ny zon'olombelona

Tamin'ny ankapobeny dia maro ireo fikambanana eo an-toerana sy iraisam-pirenena misahana ny zon'olombelona niasa tsy nisy sakantsakana, ka nanao fanadihadiana ary nampahafantatra ny vokatra hitany momba ny tranga mahakasika ny zon'olombelona. Tamin'ny ankapobeny dia tsy nahoan'ny tompon'andraikitra ara-panjakana ny fomba fijerin'izy ireo, saingy nisy ireo fikambanana iraisam-pirenena misahana ny zon'olombelona nahazo niditra teto amin'ny firenena, nanatontosa ny asany, ary nifanakalo tamin-kalalahana tamin'ny vondrona hafa.

Nisy fikambanana tsy miankina maromaro teo an-toerana niasa teo amin'ny sehatry ny zon'olombelona, saingy vitsy dia vitsy tamin'izy ireo no afaka nihambo ho nahomby sy nahaleo tena.

Sampan-draharaham-panjakana misahana ny zon'olombelona: Tamin'ny taona 2014 ny fitondrana no nametraka ny lalàna mifehy Vaomiera nasionaly mahaleo tena misahana ny zon'olombelona (CNIDH) ahitana kaomisera 11, izay samy nofidian'ny mpikambana ao amin'ny fikambanana iray misahana ny zon'olombelona ary nahazo iraka hanao fanadihadiana sy hanambara ampahibemaso ny zavatra hitany mikasika ny fanitsakitsahana ny zon'olombelona. Tamin'ny taona 2016 dia efa vita fianianana avokoa ireo mpikambana 11 ao

amin’ny vaomiera, ary dia nanomboka niasa am-pahibemaso ilay vaomiera. Na dia voalaza tao amin’ny lalàna momba ny teti-bola ho an’ny taona 2017 aza fa roa lavitrisa Ariary no hatokana hiasan’ny CNIDH, dia tsy mbola nahazo famatsiana na kely aza io vaomiera io tany amin’ny volana Oktobra. Nomen’ny fitondrana alàlana ny CNIDH hampiasa efitra tao amin’ny biraom-panjakana iray ho birao foibeny, ary nisy fikambanana iraisam-pirenena sy masoivoho nanome fitaovana vitsivitsy, saingy namoaka vola am-paosy ireo mpikambana ao amin’ny vaomiera rehefa nandeha nanadihady momba ny fiampangana ho nisy nanitsakitsaka zon’olombelona.

Fizarana 6. Fanavakavahana, herisetra eo amin’ny fiaraha-monina, ary famarinana olona

Ny vehivavy

Fanolanana sy herisetra ao an-tokatrano: Voararan’ny lalàna ny fanolanana, saingy tsy voaresaka manokana ny fanolanana ataon’ny vady. Ny sazy mifandraika amin’ny fanolanana dia dimy taona an-tranomaizina hatramin’ny fitanana am-ponja mandra-pahafaty. Asa an-terivozona kosa no sazy miandry ho an’ny fanolanana zaza tsy ampy taona sy vehivavy bevohoka. Mety hiampy roa hatramin’ny dimy taona an-tranomaizina ny sazy raha nisy herisetra sy finiavana handratra. Mahalana anefa no nampiharin’ny manam-pahefana ireo sazy ireo.

Ny 14 Septambra dia najoron’ny zandarimariam-pirenena tamin’ny fomba ofisialy ny borigady vaovao ao aminy misahana ny heloka mamoafady sy nyzaza tsy ampy taona ka natao manokana hiaro ny ankizy, anisan’izany ireo niharan’ny fanolanana, any ambanivohitra, izay tsy sahanin’ny borigady misahana ny zaza tsy ampy taona anivon’ny polisim-pirenena. Niara-niasa tamin’ny UNICEF sy ny orinasam-pifandraisana ny Ministeran’ny Fitsarana ka nametraka ny tranon-kala antsoina hoe “Arozaza” izay natao hiadiana amin’ny fanararaotana mamoafady mianjady amin’ny zaza tsy ampy taona any anatin’ny aterineto sy hampitandremana an’ireo mikasa hanao izany heloka izany. Hita ao anatin’io tranon-kala io ny taratasy fameno ho an’ny tranga mety hitera-doza ho an’ny ankizy, na ny sary mamoafady ao anatin’ny aterineto.

Voararan’ny lalàna ny herisetra ao an-tokatrano, saingy mbola olana fahita matetika hatrany izany, ary mety hahavoasazy roa hatramin’ny dimy taona an-tranomaizina sy onitra mitentina efatra tapitrisa Ariary, arakaraka ny hamafin’ny ratra sy ny fahafantarana raha mitondra vohoka ilay niharan’ny herisetra. Tsy nahitana toerana fandraisana ireo vehivavy niharan’ny herisetra teo amin’ny nosy,

hany ka tsy nanan-tsafidy hafa izy ireny afa-tsy ny nody tany amin'ny ray aman-dreniny, ireto farany kosa anefa tamin'ny ankapobeny dia manosika ireo vehivavy ireo hiverina any amin'izay nampijaly azy.

Azon'ireo niharan'ny herisetra ao an-tokatrano avy amin'ny mponina marefo atao ny mandray fanampiana avy amin'ny toerana mpanolo-kevitra antsoina hoe Centre d'Ecoute et de Conseil Juridique (CECJ), napetraky ny Ministeran'ny Mponina, Fiarovana ara-tsosialy, sy Fanandratana ny Vehivavy any amin'ny faritra maro, noho ny fanohanana avy tamin'ny FNUAP. Ireny ivon-toerana ireny no nanolo-tsaina ny niharan'ny herisetra hoe aiza no mitsabo tena, nanome fanampiana ara-psykolojia ihany koa, ary nanampy azy ireo nametraka fitoriana mba hahazoana vola fanampiana avy amin'ireo nampijaly azy.

Fanerena an-kolaka hiray ara-nofo: Voararan'ny lalàna ny fanerena an-kolaka hiray ara-nofo, ka herin-taona hatramin'ny telo taona an-tranomaizina no sazy, miampy onitra iray hatramin'ny efatra tapitrisa Ariary. Miakatra ho roa hatramin'ny dimy taona an-tranomaizina sy onitra roa hatramin'ny 10 tapitrisa Ariary izany sazy izany raha toa ilay niharan'ny herisetra ka noterena mivantana na norahonana hanao firaisana ara-nofo na nosaziana noho ny nandavany tsy hanatanteraka izany. Tsy nampiharin'ny manam-pahefana io lalàna io, ary olana fahita manerana ny nosy ny fanerena an-kolaka hiray ara-nofo.

Fanerena ao anatin'ny fifehezana ny isan'ny mponina: Tsy nisy tatitra mikasika fanerena hanala zaza, fandidiana ho momba tontosa nefa tsy niniana natao, na fomba hafa nanerena olona noho ny fifehezana ny isan'ny mponina. Hita ato amin'ity rohy ity ny tomban'isa rehetra momba ny fahafatesan'ny reny eo am-piterahana sy ny tahan'ny fampiasana fanabeazana aizana: www.who.int/reproductivehealth/publications/monitoring/maternal-mortality-2015/en/.

Fanavakavahana: Na dia mitovy aza ny zon'ny vehivavy syny lehilahy amin'ny sehatra sasantsasany, dia nisy ihany fahasamihafana nisongadina. Niharan'ny fanavakavahana ny vehivavy teo amin'ny sehatry ny asa sy ny fandovana. Mandova ny antsasaky ny fananan'ny mpivady ny vehivavy maty vady ka manan-janaka, saingy raha tsy niteraka izy roa, dia ny havan'ny lahy no mandova alohan'ilay vadiny, izay lasa any amin'ny laharana fahavalo eo amin'ny fandovana raha tsy nisy fifanarahana vita talohan'ny nahafatesana. Misy fotoana nefa tsy nanajan'ny fianakaviana an'ireo voalazan'ny lalàna ireo.

Ny ankizy

Firaketana an-tsoratra ny zaza teraka: Araka ny fehezan-dalàna vaovao momba ny fizakana ny zom-pirenena, dia lovaina avy amin'ny ray aman-dreny ny fizakana ny maha-olom-pirenena Malagasy. Araka ilay lalàna vaovao nefa dia tsy mahazo ny Zom-pirenena Malagasy ny ankizy teraka teto Madagasikara raha samy tsy misy mizaka ny zom-pirenena na ny ray na ny reny niteraka azy. Azon'ny reny atao ny mampita ny zom-pirenena amin'izay ankizy teraka tao anatin'ny fanambadiana raha toa ny rainy ka tsy manana firenena na tsy fantatra ny zom-pirenena zakainy.

Tsy misy paikady iraisana manerana ny nosy mikasika ny kopia, nefa tsy azo raisina hianatra na hahazo fiahiana ara-pahasalamana avy amin'ny fanjakana izay zaza tsy manana kopia. Raha mila fanazavana fanampiny, dia jereo ny Tovana C.

Fanabeazana: Voalazan'ny Lalàm-panorenana fa tsy andoavam-bola ny fanabeazam-panjakana ho an'ny ankizy Malagasy rehetra, ary tsy maintsy mianatra any amin'ny ambaratonga voalohany ny ankizy hatramin'ny faha-16 taonany. Na izany aza anefa dia nitombo ny vola nasaina naloan'ny ray aman-dreny hanampiana ny fitaovam-pianarana fototra sy ny karaman'ny mpampianatra. Vokatr'izany dia maro ny ankizy tsy mba afaka nianatra. Nanambara ny UNICEF fa tamin'ny ankapobeny dia nitovy ny fahafahan'ny zazalahy sy zazavavy mandranto fianarana, na dia maro kokoa aza ny tovovavy miala mianatra eo amin'ny taonan'ny adolan-tsento. Mbola nitohy ny fanatanterahan'ny Ministeran'ny Mponina ny tetikasa maharitra telo taona notohanan'ny Banky Iraisam-pirenena hanomezana fanampiana ara-bola ho an'ny fianakaviana maro hanatsarana ny fahafahana mandefa ankizy mianatra. Tanjon'ny tetikasa ny hikendry faritra maro sy hanome vola ho an'izay fianakaviana marefo ka manapa-kevitra handefa ny zanany hianatra.

Fampijaliana zaza tsy ampy taona: Mbola olana hatrany ny fanararaotana zaza tsy ampy taona, anisan'izany ny fanolanana zaza menavava sy zaza madinika. Nihoatra ny 20 ny isan'ny tranga-na fanolanana zaza tsy ampy taona notaterin'ny mpanao gazety nandritra ny taona, ka zaza latsaky ny 12 taona ny ankamaroan'ireo niharan'izany; ary telo taona ny zandriny indrindra. Voafetra ihany ny ezaka nataon'ny fanjakana hiadiana amin'ny fanolanana zaza tsy ampy taona, ka ny tena nifotorany dia ireo tambazotra fiarovana ny zaza tsy ampy taona, izay nijery akaiky ny zavatra ilain'ireo zaza niharan'ny fanolanana ary, indraindray, dia nanaitra ny sain'ny besinimaro.

Tany Nosy Be dia misy ny rafitra fianakaviana mpandray zaza niharan'ny heloka ka nila tokantrano handray azy, napetraky ny sampan-draharahan'ny Ministeran'ny

Mponina any an-toerana, niarahana niasa tamin'ny UNICEF. Nitatitra ny tompon'andraikitra sasany fa misy ireo zaza niharan'ny fampijaliana no naverina any amin'ny tokantrano nitrangan'izany heloka izany noho ny tsy fisian'ny vahaolana hafa.

Fanambadiana an-tery sy aloha loatra: 18 taona no taona farafahakeliny ahafahan'ny tovolahy sy tovovavy manambady tsy mila fahazoan-dalana avy amin'ny ray aman-dreny. Na izany aza anefa, dia mbola fahita matetika ny fanambadian'ny zaza tsy ampy taona, indrindra tany ambanivohitra sy tany amin'ny tapany atsimo.

Araka ny tatitra nataon'ny Mpitondra teny manokana avy amin'ny Firenena Mikambana tamin'ny taona 2013, dia mbola nitohy ny fanaovana ny "moletry" izay fampanambadiana zazavavy tsy ampy taona ho takalon'ny omby atolotra ho solom-bodiondry. Mitady vady (matetika mety ho vao 12 taona) ho an-janany ny ray aman-drenin'ny zazalahy (matetika manodidina ny 15 taona), ka rehefa mifanaraka ny ray aman-dreny roa tonta dia karakaraina ny mariazy. Raha mila fanazavana fanampiny, dia jereo ny Tovana C.

Fanararaotana mamoa-fady atao amin'ny zaza tsy ampy taona: Amin'ny ankapobeny dia melohina roa hatramin'ny dimy taona an-tranomaizina sy lamandy mety hahatratra 10 tapitrisa Ariary ny fampiasana sy fampirisihana olona hivaro-tena. Na izany aza anefa, araka ny lalàna iadiana amin'ny famarinana olona, dia samy melohina amin'ny "asa an-terizovona" avokoa ny fampiasana sy fampirisihana zaza latsaky ny 18 taona hivaro-tena, ny fanararaotana mamoa-fady atao amin'ny zaza latsaky ny 15 taona – sy ny fanararaotana zaza latsaky ny 18 taona hahazoana tombony. Na ny fehezan-dalana mifehy ny heloka bevava, na ny lalàna miady amin'ny famarinana olona dia samy miresaka momba ny sary sy horonan-tsary mamoafady, ka voalaza mazava fa sazy roa hatramin'ny dimy taona an-tranomaizina ary lamandy mety hahatratra 10 tapitrisa Ariary no miandry izay mahavita izany. Mahalana anefa no nampiharin'ny fitondrana ireo andinin-dàlana ireo. Tsy voafaritra ihany koa ny taona ambany indrindra ho an'ny fahalalahana hiray ara-nofo.

Mbola olana goavana ny fanararaotana mamoafady atao amin'ny zaza tsy ampy taona, izay indraindray ahitana firaisana tsikombakomba ataon'ny ray aman-dreny.

Matetika no misy tovovavy avy any ambanivohitra tonga miasa an-trano ao an-drenivohitra iharan'ny fanararaotana sy fanolanana ataon'ny mpampiasa azy. Izay miala amin'ny asa noho ny antony toa izany matetika dia tsy mahazo karama. Koa

mba tsy hodian'izy ireo tànam-polo any amin'ny tanàna nihaviany, dia aleony mijanona ao an-drenivohitra.

Maherin'ny 750 ireo tamba-jotra nosahanin'ny Ministeran'ny Mponina sy ny raharaha sosialy nanerana ny faritra 22 natao hiarovana ny ankizy tsy hiharan'ny fanararaotana sy fanambakana. Niara-niasa tamin'ny UNICEF ny ministera hamantarana ireo ankizy niharan'izany heloka izany sy hahazoana antoka fa mahazo ny fitsaboana ara-pahasalamana sy fikarakarana ara-tsaina sy ara-tsosialy ilainy ireo ankizy ireo. Tao anatin'ny fiaraha-miasa tamin'ny ministeran'ny fitsarana sy ny mponina ary ny zandarimaria no nanofanan'ny UNICEF ny mpitandro filaminana sy mpandray anjara hafa tany amin'ireo faritra nokendrena tamin'ny fiarovana ny zon'ny ankizy.

Famonoana zaza nateraka na famonoana zaza vao teraka ka manana fahasembanana: Hita tamin'ny tatitry ny mpanao gazety nandritra ny taona ny tranga maro nahitana fatin-jazamenavava nisy nanary tany anaty tatatra sy teny amin'ny dabam-pako. Misy fady nentim-paharazana any amin'ny faritra atsimo-atsinanana ho an'ny miteraka kambana izay vao maika nanamafy ilay olana ihany koa.

Ankizy nafindra toerana: Na dia voararan'ny lalàna aza ny fandaozana zaza tsy ampy taona, dia mbola nisongadina io olana io. Vitsy ireo toerana azo antoka nahafahana nandray ireo zaza mpirenireny, ary tamin'ny ankapobeny dia niezaka hatrany ny biraom-panjakana hametraka ny zaza nilaozan'ny ray aman-dreniny any amin'ny fianakaviana aloha. Maro ny ankizy napetraka tany amin'ny toerana mpitaiza kamboty tsy miankina sy tantanan'ny fiangonana, izay tsy tao anatin'ny rafitra arahin'ny fanjakana maso.

Hala-jaza eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena: Madagasikara dia nanao sonia ny Fifanarahana tao La Haye tamin'ny taona 1980 momba ny Endrika Sivily mahakasika ny Hala-jaza eo amin'ny sehatra Iraisam-pirenena. Jereo ato ny *Tatitra isan-taona momba ny hala-jaza eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena* ataon'ny ray aman-dreny, navoakan'ny Departemantam-panjakana Amerikana travel.state.gov/content/childabduction/en/legal/compliance.html.

Fankahalana ny Jiosy

Vitsy dia vitsy ny mpikambana amin'ireo fiaraha-monina Jiosy, ary tsy nisy tatitra mikasika ny hetsika na tranga maneho fankahalana ny Jiosy.

Famarinana olona

Jereo ato ny *Tatitra momba ny fanondranana olona an-tsokosoko* navoakan'ny Departemantam-panjakana Amerikana www.state.gov/j/tip/rls/tiprpt/.

Ireo manana fahasembanana

Voararan'ny lalàna ny fanavakavahana ny olona manana fahasembanana ary voafaritry ny lalàna tsara ny zò anànan'ny olona manana fahasembanana ary voalazan'ny lalàna ny tokony hananganana filankevi-pirenena sy isam-paritra hiaro ny zon'izy ireo. Voalazan'ny lalàna fa ny sembana dia manan-jo hahazo fitsaboana sy fanabeazana, hahazo fiofanana sy asa fivelomana; tsy voaresaka manokana ny mikasika ny fivezivezena an'habakabaka na ny fahafahana mampiasa ny rafi-pitsarana. "Ampirisihina" ny ivon-toerana fanabeazana hanao izay fanamboarana ilaina amin'ny foto-drafitrasany mba handraisana ireo mpanjifa manana fahasembanana. Voalazan'ny lalàna ihany koa fa "Anjaran'ny fanjakana ny manamora araka izay azo atao ny lalana miditra any amin'ny biraom-panjakana, faritra natokana ho an'ny besinimaro ary ny fitateram-bahoaka mba handraisana ny olona manana fahasembanana."

Tsy dia nampihatra ireo zo ireo anefa ny manam-pahefana, ary nijanona ho an-taratasy ihany ilay lalàna mitaky ny fanamorana ny fidiran'ny sembana amin'ny trano iray.

Voafetra ihany koa ny fahafahan'ny sembana mandranto fianarana sy misitraka fitsaboana noho ny tsy fisian'ny foto-drafitrasa mifanaraka amin'ny ilain'izy ireo, ny toeram-pampianarana na mpanabe sy mpitsabo manokana ho azy ireny. Noho ny fanampiana ara-bola avy amin'ny fikambanana frantsay iray, dia nanao sonia fifanarahana tamin'ny Handicap International ny Minisitry ny Fanabeazana tamin'ny volana Febroary hampidirana ankizy marefo miisa 2.173, anisan'izany ny ankizy manana fahasembanana miisa 503, hianatra any amin'ny sekolim-panjakana any amin'ny Faritra Diana sy Analanjirofo.

Nianjadian'ny fanavakavahana ny olona manana fahasembanana eo amin'ny tontolon'ny asa. Mora ianjadian'ny heloka bevava ihany koa izy ireo, indraindray vokatry ny ataon'ny havany ihany.

Voalazan'ny fehezan-dalàna momba ny fifidianana fa ny olona manana fahasembanana dia tsy maintsy ampiana handatsa-bato, saingy tsy misy andalana hafa miresaka momba ny fikarakarana ireo mpifidy manana fahasembanana.

Niara-niasa tamin’ny Ministeran’ny Fahasalam-bahoaka sy ny Ministeran’ny Fanabeazana ny fikambanana tsy miankina Italiana *Reggio Terzo Mondo*, izay nahazo famatsiam-bola avy tamin’ny fitondrana Italianina, ka nanao tetikasa maharitra telo taona izay nifarana tamin’ny volana May, ary natao indrindra hanabeazam-boho ny fahasalamana ara-tsaina tany amin’ny Faritra Amoron’I Mania sy Vatovavy Fitovinany. Rehefa tapitra ny tetikasa, dia sekoly ambara tonga voalohany an’ny fanjakana niisa 13 tany amin’ireo faritra roa ireo no novatsiana fitaovam-pampianarana miavaka sy manokana ankoatry ny mpampianatra tsara ofana, mba hiahy ireo ankizy niisa 113 manana fahasembanana sy fahataran’ny-saina. Ankoatr’izay dia misy ny ivon-toerana ho an’ny fitiliana sy fitsaboana ho an’ny fahasalaman’ny tsaina najoro tany amin’ireo faritra roa ireo.

Vitan’ilay vaomiera iraisan’ny Ministera maro notarihin’ny Ministeran’ny Mponina ny fandrafetana rijan-teny mametraka ny vaomiera nasionaly ho an’ny olona manana fahasembanana araka ny voalazan’ny laminasa maharitra dimy taona nofaritana tamin’ny taona 2015. Tany amin’ny volana Aogositra anefa dia mbola niandry didy hitsivolana avy amin’ny fitondrna ny fametrahana io vaomiera nasionaly io.

Ireo vitsy an’isa ara-pihaviana/ara-pirazanana/ara-poko

Tsy nisy azo nantsoina hoe maro an’isa ny iray tamin’ireo foko 18 ao Madagasikara. Nahitana teratany indo-pakistanais, kaomoriana, sy sinoa vitsy an’isa ihany koa ny firenena. Samy manan-danja eo amin’ny fandraisana mpiasa avokoa -- ary nisy nanararaotra teo amin’ny tontolon’ny politika – ny resaka foko nihaviana, ny firazanana, sy ny firaisan-kina isam-paritra. Ny tantara naharitra teo amin’ny fanafihan’ny tafika sy ny fanjakazakan’ny foko tao afovoan-tany izay taranaky ny Aziatika indrindra ny Merina teo amin’ny lafiny politika teo anatrehan’ireo foko tany amin’ny morontsiraka (taranaka Afrikana) dia isan’ny niteraka fihenjanana teo amin’ireo olom-pirenena avy ao afovoan-tany sy ny avy any amorontsiraka, indrindra teo amin’ny sehatry ny politika.

Herisetra sy fanavakavahana ary endrika fanararaotana hafa noho ny fironana eo amin’ny firaisana ara-nofo ary fanavahana ny lehilahy sy vehivavy

Voalazan’ny lalàna fa mahavoasazy an-tranomaizina roa hatramin’ny dimy taona sy onitra roa hatramin’ny 10 tapitrisa Ariary ny fitondran-tena "tsy mendrika na manohitra ny natiora eo amin’ny samy lahy na samy vavy latsaky ny 21 taona",

izay ekena fa mahasahana ny endrika firaisana ara-nofo rehetra. Tsy misy lalàna manohitra ny firaisana ara-nofo eo amin'ny samy lahy na samy vavy ho an'ny efa feno 21 taona noho miakatra. Misy ireo mpikambana sasany amin'ny vondron'ny LGBT voalaza fa tsy mahalala ny mety hahavoasambotra azy noho ny "fanodinkodinana zaza tsy ampy taona," ary nisy tamin'izy ireo no voasambotra noho izay antony izay, na dia tsy nisy antontan'isa ofisialy aza. Tsy misy andininy manokana ao amin'ny lalàna manohitra ny fanilikilihana mianjady amin'ny LGBT. Tsy misy lalàna manokana misakana ny olona sady lahy no vavy hifidy na ho lahy izy na ho vavy.

Nisy tatitra nilaza fanilikilihana nataon'ny manam-pahefana sy tompon'andraikitra ifotony, indrindra ireo mpampihatra lalàna, izay nanararaotra tamin'ny endrika mamoafady ny LGBTI na tsy niaro azy ireny tamin'ny herisetra nataon'ny fiaraha-monina. Nisy ihany koa tompon'andraikitry ny fahalamana voalaza fa tsy nety nandray LGBTI na tsy nanaja ny fifanarahana mikasika ny tsiambaratelon'ny asa maha-mpitsabo.
Niatrika fanilikilihana sy fanavakavahana goavana avy amin'ny fiaraha-monina ity vondron'olona ity, mazàna aza dia avy amin'ny fianakaviany ihany, indrindra any ambanivohitra.

Fanilikilihana ireo voan'ny VIH sy SIDA

Niharan'ny fanavakavahana sy fanilikilihana nataon'ireo matihanina eo amin'ny sehatry ny fitsaboana ireo mitondra ny tsimokaretina VIH/SIDA. Voalazan'ny lalàna fa manan-jo hahazo fitsaboana maimaim-poana ireo mararin'ny VIH/SIDA, ary voalaza mazava koa ny sazy ho an'izay manavakavaka na manilikilika ny olona mitondra ireo aretina ireo. Ankoatry ny Vaomieram-pirenena miady amin'ny SIDA ao Madagasikara, dia tsy nampihatra lalàna an-tsakany sy an-davany ireo andrim-panjakana hafa, anisan'izany ny Minisiteran'ny fahasalamana sy ny Fitsarana.

Herisetra na fanavakavahana hafa eo amin'ny fiaraha-monina

Nitrangana fitsaram-bahoaka na tany an-tanàn-dehibe na tany ambanivohitra, anisan'ny anton'izany ny firongatry ny asan-jiolahy sy ny tsy fahatokisan'ny vahoaka ny polisy sy ny fitsarana. Vahoaka maro no miara-mamono, midaroka, mandoro na koa mandratra olona ahiana ho nanao ratsy sy izay niray tsikombakomba taminy; ary niisa 74 ny fitsaram-bahoaka notaterin'ny mpampahalala vaovao teo anelanelan'ny volana Janoary sy Aogositra. Indraindray

dia nosamborin’ny manam-pahefana ireo nahavanona ny famonoana, saingy tsy tontosa hatramin’ny farany ny fanenjehana araka ny lalàna noho ny tahotra sao vao mainka ho romotra ny vahoaka. Nihevitra ny mpanao gazety sy ny mpandinika fa mora kokoa ny mapihatra ny lalàna amin’ireo nahavanona ny fitsaram-bahoaka rehefa metimety kokoa amin’ny tombontsoan’ny manam-pahefana na ny mpitandro filaminana ny fanaovana izany.

Nisy delegasiona avy amin’ny governemanta notarihin’ny Praiminisitra, ny Minisitry ny Fitsarana, Minisitry ny Filaminam-bahoaka, sy Sekreteram-panjakana misahana ny Zandarimaria nitsidika ny faritra atsimo antsinanana tamin’ny volana Martsa mba hanairana ny sain’ny besinimaro mikasika ny fitsaram-bahoaka. Tany Farafangana, izay nisy tanàna kely iray saika hanao fitsaram-bahoaka ny olona iray nahiana ho namono tovovavy tany amin’ny fiandohan’ny taona, dia notsindrian’ny ny Praiminisitra ny maha-zava-dehibe ny hanarahan’ny rehetra ny lalàna.

Niharan’ny fanafihana mifandraika amin’ny mosavy ihany koa ny olona bobo sasany tao an-toerana. Ohatra, tamin’ny volana Novambra 2016 dia nisy pretra bobo iray saika nisy naka an-keriny izay nilaza fa saika hisy hivarotra 60 tapitrisa Ariary, satria toa hoe saika hampiasaina amin’ny mosavy ny fatiny.

Fizarana 7 Zon’ny mpiasa

a. Ny zo hivondrona sy hanao fifampiraharahana

Voalazan’ny lalàna fa azon’ny mpiasam-panjakana sy ny tsy miankina atao ny manangana na mirotsaka ho mpikambana amin’izay sendika tiany, ka tsy mila fahazoan-dalana mialoha na fepetra mihoam-pampana. Manana ny Fitsipi-dalàna mifehy azy manokana anefa ny mpiasam-panjakana sy ny mpiasa an-dranomasina. Tsy afaka manangana sendika ireo mpiasa ao amin’ny raharaha iankinan’ny ain’ny firenena, toy ny polisy sy ny miaramila ary ny mpamonjy hain-trano. Ny fehezan-dalàna an-dranomasina mifehy ireo mpiasa eo amin’ny sehatry ny ranomasina dia tsy ahitana andalana manokana miantoka ny zon’ny mpiasa hanangana sendika.

Voalazan’ny lalàna amin’ny ankapobeny fa azo atao ny lahasan’ny sendika ary mamela ny ankamaroan’ny mpiasa, isan’izany ireo mpiasan’ny orinasa afaka haba, hitokona. Na izany aza anefa dia voarara ny fitokonana raha toa ka mety hitarika “fanakorontanana ny fiainam-bahoaka,” na mety hitondra loza mananontanona ho an’ny ain’ny mponina, ny fiarovana azy na ny fahasalamany. Alohan’ny hitokonana dia tsy maintsy andraman’ny mpiasa avokoa aloha ny fifanatonana sy ny fanelanelanana, izay mety haharitra valo volana hatramin’ny roa taona sy

tapany. Manan-jo hitokona ny mpiasa amin'ny "sehatra iankinan'ny ain'ny firenena" (tsy voafaritry ny lalàna) toy ny mpitsara, saingy voafetra ihany izany zò izany. Takian'ny lalàna izy ireo hametraka fiandraiketan-draharaha farafahakeliny ho an'ny mponina mandritra ny fitokonana, ary tsy maintsy mampilaza mialoha ny mpampiasa azy. Hita ao amin'ny fehin-dalàna momba ny asa ihany koa ny lamandy sy/na sazy am-ponja ho an'ireo "nampirisika sy nitarika fitokonana tsy ara-dalàna," na tao anatin'ny filaminana aza izany fitokonana izany.

Voararan'ny lalàna ny fanavakavahan'ny mpampiasa nohon'ny maha-mpikambana amin'ny sendika. Raha sanatria misy hetsika anenjehana ny sendika, dia azon'ny sendika na ny mpikambana ao aminy atao ny mitory ny mpampiasa eny amin'ny fitsarana. Tsy misy anefa fiarovana voalazan'ny lalàna ho an'ireo mpiasam-panjakana sy ny mpiasan'ny seaha-panjakana hafa raha toa misy fanoherana, na fitsabahana ataon'ny mpampiasa manoloana ny sendika.

Voalaza ao amin'ny lalàna fa manan-jo hanao fifampiraharahana ireo mpiasa eo amin'ny sehatra tsy miankina, afa-tsy ny tantsambo. Ny mpiasam-panjakana tsy mandray anjara amin'ny fandraharaham-panjakana, toy ny mpampianatra any amin'ny sekolim-panjakana izay karamaina amin'ny alàlan'ny mpamatsy vola vahiny na ny FRAM, dia tsy afaka manao fifampiraharahana momba ny fepetra fampiasana azy. Nanambara anefa ireo solo-tenan'ny sendika fa misy fotoana tsy nampiharin'ny fitondrana ny lalàna manan-kery, anisan'izany ireo sazy sy onitra tokony hampiharina, ary mitarazoka loatra ny lamina fampiakarana fitsarana ambony. Mora kokoa ny fanajana sy fampiharana ny zo momba ny fifampiraharahana any amin'ireo orinasa iraisam-pirenena lehibe, toy ny orinasa miasahana fifandraisan-davitra na ny banky ohatra. Voalaza fa mananosarotra kokoa anefa ny fampiharana ireo zo ireo any amin'ireo orinasa afaka haba na ireo orinasa madinika kokoa eto an-toerana. Nitatitra ireo solo-tenan'ny sendika fa matetika ny mpiasa any amin'ny orinasa toa izany no tsy marisika hanao fangatahana, sao iharan'ny valifaty.

Nohajain'ny fitondrana tamin'ny ankapobeny ny fahalalahan'ny fananganana fikambanana sy fifampiraharahana. Voalazan'ny lalàna fa ny sendika dia tsy natao hiankin-doha amin'ny fitondrana na antoko politika eo am-panatontosana ny asany. Nilaza ireo solontenan'ny sendika fa nisy fomba mangingina nandraman'ny mpampiasa nanovana ny fomba fijerin'ny sendika, ka matetika tsy nahafahan'ny mpiasa nivondrona na nanakihana ny tontolo tsizarizary ao amin'ny toeram-piasana.

Mateti-pitranga ny fitokonana nandritra ny taona, anisan'izany ny fitokonan'ny mpitsara, mpiraki-draharaha ao amin'ny fitsarana, mpamily fiarakaretsaka, mpitatitra entana any amin'ny seranan-tsambo ary mpiasan'ny fadin-tseranana. Tsy voatery ho niompana tamin'ny tontolon'ny asa mivantana foana ireny hetsika ireny, ary nisy manam-pahefana nilaza fa mety ho "fanakorontananana" no tanjona tamin'ireny fitokonana ireny. Indraindray ny fitondrana dia nanao karazana antsojay samihafa hampitahorana ireo mpitarika hetsika, ka indraindray nandrantiranty heloka hafa tsy misy ifandraisany amin'ny hetsika akory.

Tsy naverin'ny fitondrana tamin'ny asany ireo mpitatitra entana any amin'ny seranan-tsambo niisa 43 izay voaroaka tao amin'ny seranan-tsambon'i Toamasina tamin'ny taona 2012 noho ny nidirany tanaty sendika, notarihin'ny SYGMMA (Sendika Foibe ho an'ny Fitaterana an-dranomasina eto Madagasikara), izay niady ho an'ny fisondrotan-karama sy fiarovana amin'ny tranga mampidi-doza. Tsy ny fehezan-dalàna momba ny asa no mifehy ireo mpitatitra entana any amin'ny seranan-tsambo fa ny fehezan-dalàna momba ny fitaterana an-dranomasina, izay tsy manome zò hifampiraharaha. Namoaka fanapahan-kevitra anefa ny fitsarana fa manan-jò hiditra ao amin'ny sendika SYGMMA ny mpiasan'ny seranan-tsambon'i Toamasina, ka dia foana ny fandroahana ireo mpitatitra entana tao amin'ny seranan-tsambo niisa 43. Ny volana Jona dia nisy solotenan'ny sendika nanao fihetsiketsehana tao Antananarivo hamerenana ireo mpiasa voaroaka ireo amin'ny asany sy namaky bantsilana ny fandroahana tsy ara-dalàna noho ny fanararaotam-pahefana satria tsy nisy antony nandroahana azy ireo afa-tsy ny nidirany tao amin'ny sendika.

b. Fandrarana ny asa an-tery

Voararan'ny lalàna ny asa an-tery, saingy olana hatrany izy io ho an'ny ankizy eo amin'ny sehatra tsy ara-dalàna.

Mbola mahazo vahana ihany koa ny asa an-tery nohon'ny fampiharana ny Dina, fifanarahana tsotsotra ho fandoavana trosa na fanonerana ratsy natao (jereo ny Fizarana 1.d.). Ho an'ny fiaraha-monina sasany dia fampiasa andavanandro ny Dina sady fomba mahavantana amin'ny famahana disadisa na fanefana trosa. Mahazo vahana hatrany izany fomba fanao izany satria tsy nahomby tamin'ny fampiharana ny lalàna ny manam-pahefana. Nolanian'ny Antenimiera tamin'ny taona 2014 ny lalàna vaovao hiadiana amin'ny famarinana olona izay mamaritra mazava kokoa ny atao hoe famarinana olona (anisan'izany ny asa an-tery).

Azo jerena koa ny *Tatitra isan-taona momba ny fanondranana olona*, navoakan'ny Departemantam-panjakana, ao amin'ny www.state.gov/j/tip/rls/tiprpt/.

c. Fandrarana ny fampiasana zaza tsy ampy taona sy ny taona farafahakeliny ahafahana miasa

Voafaritry ny lalàna ho 15 taona ny taona farafahakeliny ahafahana miasa, arahina fepetra samihafa. Ny lalàna ihany koa no mamaritra ny fepetra amitan'ny ankizy ny asany, mamaritra ireo antsoina hoe endrika ratsy indrindra isehoan'ny fampiasana zaza tsy ampy taona, ny sazy ho an'ireo mampiasa zaza tsy ampy taona, ary mametraka ny rafitra ara-panjakana ho an'ny fampiharana izany rehetra izany. Araka ny lalàna dia mahazo miasa hatramin'ny adiny valo isan'andro na 40 ora isan-kerinandro ny ankizy, ary tsy mahazo manao ora fanampiny. Voararan'ny lalàna ny fampiasana ankizy latsaky ny 18 taona amin'ny alina na any amin'ny toerana mety hitera-doza ho an'ny fahasalamany, ny fiarovana azy na ny fisainany. Voararan'ny lalàna ny asa sy lahasa mety hitera-doza ho an'ny ankizy, saingy tsy voafaritra amin'ireo sehatra rehetra ahitana fampiasana zaza tsy ampy taona izany fandrarana ny asa sy lahasa mety hitera-doza izany, anisan'izany ny fiompiana sy fambolena, ny fisitrihana an-dranomasina sy ny jono.

Tsy nampiharin'ny fitondrana an-tsakany sy an-davany ny lalàna. Tsy ampy hanakanana ny olona tsy handika lalàna ny sazy misy. Ny Ministeran'ny Asam-panjakana no tompon'andraikitra amin'ny fampiharana ny lalàna momba ny fampiasana zaza tsy ampy taona.

Olana nahenika ny firenena ny fampiasana zaza tsy ampy taona. Nanohy nandray ankizy, isan'izany ireo niharan'ny fanararaotana olona ireo Ivon-toerana tantanina fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana tao Antananarivo, Antsirabe ary Toamasina. Ny ankizy any ambanivohitra dia matetika miasa any amin'ny fiompiana sy fambolena, jono sy fiandrasana biby fiompy; fa ireo ankizy any an-drenivohitra kosa dia nanao asa toy ny mpiasa an-trano, mpitaona entana amin'ny sarety, mpanao varo-madinika, mpamaky vato kely, fitrandrahana vatosoa toy ny safira, mpiasa any amin'ny trano fisotroana na mpangataka. Nisy koa ireo ankizy niasa tany amin'ny sehatry ny lavanila, famokarana sira, fanjonoana, fihazana an-dranomasina ary ny famokarana makamba. Misy amin'izy ireo koa no niharan'ny fanodinkodinana ho amin'ny asa an-tery, anisan'izany famarinana zaza tsy ampy taona hivaro-tena sy ny asa an-tery.

Jereo ihany koa ny *Antontam-baovao momba ireo endrika ratsy indrindra isehoan'ny fampiasana zaza tsy ampy taona* navoakan'ny Departemantan'ny Asa Amerikana, ao amin'ny www.dol.gov/ilab/reports/child-labor/findings/.

d. Fanavakavahana eo amin'ny tontolon'ny asa

Voararan'ny lalàna momba ny asa ny fanavakavahana noho ny firazanana, maha-lahy na maha-vavy ary ny fahasembanana ao amin'ny toeram-piasana. Nisy didy hitsivolana manokana momba ny VIH any amin'ny toeran-piasana niresaka momba ny fandraràna ny fanavakavahana miankina amin'ny fitondrana na tsia io tsimok'aretina io. Tsy voararan'ny lalàna kosa ny fanavakavahana miankina amin'ny safidy momba ny fananahana, filazana ny tena ho lahy na vavy, taona na fiteny. Mbola olana hatrany io fanavakavahana io. Misy ny mpampiasa nanavakavaka ireo olona manana fahasembanana sy ny LGBTI.

Tany ambanivohitra, izay ahitana tantsaha ny ankamaroany, dia hita fa niròna kokoa tamin'ny fizaràna andraikitra nentim-paharazana eo amin'ny lahy sy ny vavy ny fiaraha-monina, izay nitarika fanavakavahana kely ihany nataon'ny fiaraha-monina tamin'ny vehivavy. Marina fa tsy dia nahitana fanavakavahana loatra teo amin'ny fahafahana mitady asa sy mindram-bola, saingy matetika ny vehivavy dia tsy nandray karama mitovy amin'ny noraisin'ny lehilahy ho an'ny asa mitovy amin'ny nataony. Tsy nomen'ny mpampiasa alàlana ny vehivavy hanao asa mety hanohintohina ny fahasalamany, ny fiarovana azy na ny sainy. Araka ny fehezan-dalàna momba ny asa sy ny fiarovana sosialy, dia tafiditra anatin'izany asa izany ny asa alina any amin'ny sehatry ny famokarana indostrialy sy ny asa sasany eo amin'ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany, fanefena vy ary ny fikirakirana akora simika.

e. Fepetra azo ekena momba ny asa

Ny volana Febroary dia nampiakarin'ny fitondrana ny karama farany ambany isam-bolana, ary izy io dia ambony noho ny tombana ofisialy navoakan'ny fanjakana ho an'ny famaritana ny fahantrana. Efapolo ora isan-kerinandro ny ora fiasana ho an'ny orinasa ivelan'ny fiompiana sy fambolena sy ny orinana miandraiki-drahraha, ary 42,5 ora izany ho an'ny sehatry ny fiompiana sy fambolena. Voafetran'ny lalàna ho 20 ora isan-kerinandro ihany ny ora azon'ny mpiasa iasana ivelan'ny ora ara-dalàna, raha 2 andro sy tapany isam-bolana kosa ny andro fialan-tsasatra nefa andraisan-karama. Raha toa ka nihoatra ny fetra ara-dalàna ny fitambaran'ny ora niasana (2.200 ora isan-taona eo amin'ny sehatry ny fiompiana sy fambolena ary 173,33 ora isam-bolana eo amin'ny sehatra hafa), dia

voalazan’ny lalàna fa tsy maintsy mandoa ny mari-bola amboniny araka ny voafaritry ny didy hitsivolana momba ny fehezan-dalàna momba ny asa ny mpampiasa, ary voalaza ao mihitsy ny mari-bola tsy maintsy aloa. Raha mihoatra ny adiny dimy ny ora mila iasana amboniny, ankoatry ny 40 ora isan-kerinandro voafaritry ny lalàna, dia teren’ny lalàna ny mpampiasa hangataka alàlana manokana avy amin’ny mpanara-maso ny asa alohan’ny hitakiana ora amboniny amin’ny mpiasa. Tsy azo atao ny miasa mihoatra ny 20 ora isan-kerinandro ambonin’ny ora fiasana ara-dalàna. Mihatra amin’ny mpiasa rehetra ny lalàna, na dia andraikitry ny mpanara-maso ny asa aza ny mamaritra ny karazana asa azo tontosaina amin’izany alàlana izany.

Ny Fitondrana no mamaritra ny fitsipika sy ny fenitra momba ny fiarovana ny ain’ny mpiasa sy ny fahalavorarian’ny toeram-piasana, saingy tsy voalaza ao amin’ny fehezan-dalàna momba ny asa ny sazy ho an’izay tsy manaja izany fepetra izany, ny hany voaresaka ao dia ny fanaraha-maso tsy maintsy atao mialoha ny hisokafan’ny orinasa iray. Ny mpiasa, anisan’izany ny mpiasa vahiny na mpifindra monina, dia manan-jo mazava handao toeram-piasana mampidi-doza iray ka tsy hatahotra ny ho voaroaka, saingy tsy maintsy mampahafantatra ny lehibeny izy aloha. Nanamarika ireo mpiaro ny zon’ny mpiasa fa nisy ireo fenitra napetraka efa tamin’ny fotoana nahazoana ny fahaleovan-tena, hany ka efa tena nilaozan’ny toetr’andro tanteraka, indrindra mikasika ny loza mitatao ho an’ny fahasalamana sy ny fahafahana mamita ny asa, ary ny sokajin-karama sy andraikitra ao amin’ny orinasa. Tsy nisy ezaka ho fampiharana ny lalàna teo amin’ny sehatra tsy ara-dalana, izay mivelatra kokoa.

Hita araka ny fikarohana tamin’ny taona 2015 momba ny orinasa mpamokatra akanjo sy hoditra nataon’ny Friedrich Ebert Stiftung (FES), fikambanana avy any Allemagne, fa nametraka rafi-piarovana avokoa ireo orinasa niisa 126 nanaovana fanadihadiana tao Antananarivo, toy ny fitaovana famonoana afo sy ny fivoahana raha misy loza, saingy ny 11 isan-jaton’izy ireo ihany no nanome fitaovana fiarovana manokana ho an’ny mpiasa tsirairay. Mbola hita tamin’ireo fikarohana io koa fa ny 40 isan-jaton’ny mpiasa ao amin’ireo orinasa nohadihadiana, sy ny fianakaviany, dia tsy mba afaka nisitraka ireo fiahiana sosialy fototra satria marobe ireo mpampiasa tsy nandoa ny latsakemboka any amin’ny CNaPS nanomboka tamin’ny krizy politika tamin’ny taona 2009-2013.

Ny Departemantan’ny Fanavaozana ny asam-panjakana, ny Asa sy ny Lalàna sosialy ao anivon’ny Ministeran’ny Asam-panjakana no tompon’andraikitra amin’ny fampiharana ireo fepetra ho an’ny fampiasana sy karama farany ambany voalaza ao amin’ny Fehezan-dalàna mifehy ny asa, saingy nisy fotoana tsy izay no

nitranga. Ny fanaraha-maso ny fanajana ny fenitra teto an-drenivohitra ihany no tena voarakotr'ireo mpanara-maso avy amin'ny ministera. Ankoatry ny fampiakarana ny karama farany ambany sy ny fanaovana fisafoana izay tsy mbola ampy, dia tsy nisy ezaka manokana nataon'ny manam-pahefana nandritra ny taona ho fisorohana ny fandikan-dalàna sy hanatsarana ny karama na ny fepetra ho an'ny fampiasana. Tsy ampy hanakanana ny olona tsy handika lalàna ny sazy misy.

Fahita matetika any amin'ny sehatra ara-dalàna sy ny asa an-trano ny fandikana ireo fenitra momba ny karama, ny fiasana ambonin'ny ora ara-dalàna na ny fiarovana sy ny fahasalamana, satria maro ireo mandray karama latsaky ny karama farany ambany indrindra sy ireo miasa mandritra ny ora marobe. Na dia fantatry ny ankamaroan'ny mpiasa aza ny karama farany ambany tokony horaisiny, dia mazàna no tsy nandoa karama arak'io fetra io ireo mpampiasa. Manjary manaiky karama ambany ny mpiasa noho ny hamaroan'ny tsy an'asa sy ny halalin'ny fahantrana. Matetika ny mpampiasa no mitaky amin'ireo mpiasany sasany hiasa mandra-pahatratra ny tanjona nasaina notratrariny. Indraindray aza dia sady tsy voatana an-tsoratra no tsy nandraisam-bola ireny ora nihoatra ireny. Misy fotoana tsy voahaja ny zo hiala amin'ny toeram-piasana mety hampidi-doza.

Tamin'ny ankapobeny dia nankato ny lalàna momba ny asa ireo orinasa afak'aba, satria maro ireo orinasa vahiny mpanondrana entana no nitaky fepetra manara-penitra hamitana ny asa araka ny voalazan'ny lalàna ao an-toerana alohan'ny hanaovana sonia fifanarahana amin'ny orinasa afak'aba. Nitatitra anefa ireo vondron'ny mpiasa sasany fa tato anatin'ny taona vitsivitsy izay dia niova ho lasa isaky ny asa vita no nandoavana ny karama -- raha isan'ora taloha -- ka nisy fiantraikany ratsy teo amin'ny tombontsoan'ny mpiasa eny anivon'ny orinasa mpamokatra fitafiana izay vehivany ny ankamaroany. Natao hampitombo haingana ny vokatra vita io fepetra io, saingy voalaza fa nitarika fitomboan'ny loza mifandraika amin'ny asa ary nisy fiantraikany ratsy teo amin'ny fahasalaman'ny vehivavy. Vokany, hoy ny mpanara-maso, dia vehivavy maro no nambara fa nanjary tsy nahazo nanao ireo asa ireo intsony, nefa tsy mbola feno 40 taona akory. Notaterin'ny FES koa taorian'ny fikarohana nataony tamin'ny taona 2015 fa misy ny orinasa afaka haba no nametraka ho laharam-pahamehana ny fanatrarana tanjona ho an'ny famokarana izay sarotra tratrarina amin'ny ankapobeny, ka nanasazy ny mpiasa tamin'ny endrika samihafa, toy ny tsy fandoavana karama ho an'ny ora niasana mihoatra ny ora ara-dalàna, sazy arak'asa na fandroahana mihitsy aza.